HIRA FANEVA

# HANDEHA AHO

1- Nantsoina isik'hanaradia,
Hiambina, hitory koa an'i Kristy.
Tompo o! tariho na aiza aleha
Ny molotro o ! tendreo ho sahy haneho

Ref 1 :
*'Zaho handeha n'aiza hiantsoanao,*
*'zaho handeha n'aiza hiantsoanao,*
*N'iza handeha hiara-hanoina, HANDEHA AHO*
*'Zaho handeha n'aiza hiantsoanao,*
*'zaho handeha n'aiza hiantsoanao,*
*Inty aho, iraho aho, HANDEHA AHO*

2- Io ilay Mpanjaka Lehibe
Tsy maintsy ambarako fa tsara re!
Na firenena, na aiza aleha
N'aiza hiantsoany ahy « 'Zaho handeha »

Ref 2 :
*'Zaho handeha n'aiza hiantsoanao,*
*'zaho handeha n'aiza hiantsoanao,*
*N'iza handeha hiara-hanoina, HANDEHA AHO*
*'Zaho handeha n'aiza hiantsoanao,*
*'zaho handeha n'aiza hiantsoanao,*
*Inty aho, iraho aho, HANDEHA AHO*

Ref 2 :
*'Zaho handeha, 'zaho handeha,*
*N'iza handeha hiara-hanoina, HANDEHA AHO*
*'Zaho handeha, 'zaho handeha,*
*Inty aho, iraho aho, HANDEHA AHO*

HANDEHA AHO, HANDEHA AHO, HANDEHA AHO

# FANORON-TAKILA

Toriteny 1:
Tompo ô, handeha aho, havaozy aho-- 6

Toriteny 2:
Tompo ô, handeha aho, fenoy aho ---- 12

Toriteny 3:
Tompo ô, handeha aho, afaho aho --- 18

Toriteny 4:
Tompo ô, handeha aho, sitrano aho -- 24

Toriteny 5:
Tompo ô, handeha aho,
avelao ny heloko ------------- 34

Toriteny 6:
Tompo ô, handeha aho, tariho aho---- 40

Toriteny 7:
Tompo ô, handeha aho,
ampaherezo aho ------------- 46

Toriteny 8:
Tompo ô, handeha aho,
omeo hery aho ---------------- 52

IMPRIMERIE ADVENTISTE
BP 1134 Antananarivo 101
Tél. 033 37 107 17 / 033 37 110 39
E-mail: impriad@mea.adventist.mg

Voatolotra ara-dalàna: Lah. 429-D/02.21
Ny natonta: 6700 isa



## Mikasika ny Mpanoratra:

Dr. Yeury Ferreira

Avy any amin'ny Repoblika Dominikanina ny Mpanoratra. Manana ny mari-pahaizana Maitrise en Leadership et Théologie ary Doctorat avy tao amin'ny Andrews University. Niasa amin'ny maha-mpitandrina, mpitory ny filazantsara izy, ary ankehitriny dia manompo amin'ny maha- talen'ny Asa Fanompoana ho an'ireo miteny Espaniôla ao New York City. Izy no mpanoratra ny boky *Living Without Fear* (Miaina tsy amin-tahotra); ary koa ny boky *Preaching the Word* (Mitory ny Teny), izay mampianatra ny fomba fanomanana toriteny sy ny fitorian- teny. Manambady an'i Mariel Ferreira izy ary manan-janaka roa: Ernesto sy Elizabeth Ferreira.

**Mpanoratra:** Yeury Ferreira
**Tonian'ny famoahana:** Andrés J. Peralta
**Mpandrindra ny tetik' asa:** Kenia Reyes
**Mpandika Teny:** Rasolofojaona Romain/ Elian Raharijaona

*« Ny sary avy eo amin'ny fonony dia maneho ireo tanora arak'izay voalaza ao amin'ny Salamo 127:4,5»*

# VAKIO ALOHA ITY

## Fanomanana ny herinandro fiaraha-mivavaka

1. **Atombohy dieny izao ny fanomananao.** Atombohy ny fanomananao, apetraho ny tanjonao, atsangano ny ekipanao, ary ataovy azo antoka fa ny pasitora dia ao anatin'io ekipa io.
2. **Vaovao momba ny Andro maneran-tany ho an'ny Tanora.** Alaivo ara-potoana ireo vaovao momba ny tetikasa ho an'ny andro maneran-tany ho an'ny tanora. Io andro io koa no hanokafana ny herinandro fiaraha-mivavaky ny tanora. Tsidiho ny rohintsika youth.adventist.org, na mifandraisa amin'ny talen'ny Departemantan'ny Tanora eo amin'ny saha misy anao mba hahafahanao mahita ny fomba hahazoanao mandray anjara.
3. **Entano ireo miaramilan'ny vavaka.** Manàna vondron'olon-dehibe vonona ny hivavaka ho anao sy ny asa fanompoanao amin'ny fomba mitohy. Ataovy azo antoka fa azonao izarana am-pitokiana ny zavatra ilain'ny tenanao manokana ny fitondrana amim-bavaka sy ny asa fanompoanao izany vondrona izany.
4. **Mifidiana hira faneva.** Ampandraiso anjara ny antoko mpihiran'ny tanora ao amin'ny fiangonanao. Raha tsy manana izany ny fiangonanao, dia fotoana io mba hanombohana manangana tarika iray. Ny hira fanevan'ny tanora " Handeha aho " no horedonitsika azonao alaina mivantana aty amin'ny foibe na pejy facebook Jeunesse Adventiste de L'Océan Indien.
5. **Manofàna ekipa mpandrindra/mpanao tombana ny herinandro fiaraha-mivavaka.** Miankina amin'ny halehiben'ny fiangonanao, io vondrona io dia tokony hahitana olona efatra ka hatramin'ny valo, mba hamita ireo lohahevitra valo miaraka aminao. Ampidiro ao anatin'io vondrona io ireo tanora vonona sy feno fanoloran-tena ary ireo mpitarika koa (Mpisavalalana, Sekoly sabata (...) sns, ny pasitoranareo). Zava-dehibe izany satria manampy ny rehetra handray an-tanana ilay hetsika, fa tsy ianao sy ny mpanampy anao ihany. Angataho izany vondrona izany mba hivory mandritra ny telo herinandro – herinandro ho an'ny lesona efatra, ary ny herinandro fahatelo mba handravonana ny zavatra rehetra. Ataovy azo antoka fa voafaritra mazava avokoa ny tanjona sy ny lalana tianao haleha sy hotratrarina. Raha azo atao dia amin'ny fivoriana voalohany no hanaovana izany, ary mifidiana tanora mba handaha-teny isan'andro.
6. **Ampidiro ao anatin'ny fandaminana ny herinandro fiaraha- mivavakao ny andron'ny tanora maneran-tany (Global Youth Day – GYD).** Raha ny tokony ho izy, ny andron'ny tanora maneran-tany dia fotoana hampianarana ny tanora mba hanolo-tena hamaly ny filàna misy ao am- piangonana sy eny amin'ny fiarahamonina. Raha toa ka mbola vitsy ny tanora ao aminao ka tsy manana ny enti-manana hanatrarana ny fiarahamonina iray manontolo, dia azonao atao ny mampiasa io fotoana io mba handravana ny rindrina ara-pivavahana misy eo amin'ny manodidina amin'ny alalan'ny fiaraha- miasa sy ny fifampizaran-kevitra sy ny sisa amin'ireo vondron'ny tanora avy amin'ny fiangonana hafa eo amin'ny faritra misy anao.

## AHOANA NY FAMPIASANA ITY BOKY ITY MIARAKA AMIN'NY VONDRONA MADINIKA NA LEHIBE?

1. **Diary manokana.** Ity boky ity dia namboarina mba ahafahanao mamoaka ny hevitrao. Ampiasao ireo toerana malalaka mba hiraketana ireo fihetseham-ponao momba ny zavatra henonao tao amin'ny toriteny sy ireo fanontaniana any amin'ny farany isan'andro. Azonao ampiasaina koa izany mba hanoratanao antom-bavaka na fiderana an'Andriamanitra. Ampirisiho ny mpandray anjara rehetra mba hampiasa io toerana io amin'ny fomba izay hitiavany azy. Natokana ho azy ireo izany! Ampahafantaro azy ireo fa tsy misy lalàna mifehy izany, fa tari-dalana fotsiny. Ny zava-dehibe dia ny fihainoana an'Andriamanitra sy ny fanokafana ny fo mba hamaly ny fitarihany. Ry Mpitarika, raha manokam-potoana ianao hamakina ny tari-dalana isan'andro amim-bavaka miaraka amin'ny fanantenana fa hilaza zava-baovao aminao Andriamanitra, dia ho gaga ianao ny amin'izay ho voasoratra eo amin'io toerana malalaka io.
2. **Manomboha diarim-bavaka.** Tsy misy zavatra lehibe indrindra ho an'ny fitomboanao ara-panahy mihoatra ny fandanianao fotoana ho an'ny vavaka. Hitombo koa ireo tanoranao rehefa mitombo ianao. Ny fananananao diarim-bavaka dia hanampy anao hihaona amin'Andriamanitra amin'ny fomba vaovao sy mampihetsi-po. Afaka ny "hanaraka" ny dianao niaraka tamin'Andriamanitra ianao rehefa mamerina mijery ireo vavaka nahazoanao valiny sy ny fomba nitarihany anao tsikelikely isan'andro. Hisy hevitra vaovao indray ho tonga ao an-tsainao rehefa mandany fotoana eo amin'ny fanatrehany hameno ny diarim-bavakao ianao. Betsaka ny hevitra mety ho azonao jerena amin'ny "internet" mba hanombohanao sy hanohizanao ny diarim-bavakao. Tsidiho fotsiny ny www.google.com dia soraty ny teny hoe *"starting a prayer journal".* (fanombohana diarim-bavaka) .
3. **Fanontaniana sy asa atao isan'andro.** Miaraka amin'ny toriteny tsirairay dia misy fanontaniana, fanambarana, ary asa izay natokana mba hisarihana ny fisainanao. Manomàna tarika madinika ary mifanakaloza hevitra momba ireo fanontaniana ary ataovy ireo asa. Makà fotoana handinihana tsara momba ny zavatra izay tian'ny fanontaniana sy ny asa hahatongavana. Mihainoa ny Fanahy Masina rehefa mampianatra anao amin'ny alalan'ny Soratra Masina Izy. Ampirisiho ireo mpanatrika mba hitahiry an-tsoratra ao amin'ny diariny izay zavatra ao an-tsainy.
4. **Ny andro maneran-tany ho an'ny tanora** no natokana mba hanokafana amin'ny fomba ôfisialy ny herinandro fiaraha-mivavaky ny tanora. Ny lohahevitra ho an'ny taona 2021 dia ny hoe MANATRATRA NY ANY IVELANY. Mialoha ny zavatra rehetra, mifandraisa amin'ny pasitoranao na ny talen'ny Departemantan'ny Tanora eo amin'ny saha misy anao mba hahafahanareo mijery miaraka ny tetikasa azon'ny fiangonanao andraisana anjara amin'io andro io, dia ny 20 Martsa. Raha mikasa ny hanao hetsika mandritra ny tontolo andro ianao, Ny Adventist Development and Relief Agency (ADRA) dia manana tetikasa mahaliana tokoa, In their Shoes (eo amin'ny toerany) izay azo tanterahina tokoa mandritra ny fotoan'ny tanora ny tolakandro.

*In Their Shoes* dia hetsika manokana hanaovan'ny tanora fanandramana momba ny fahantrana iainan'ny tanora any amin'ny firenena hafa maneran-tany. Amin'ny alalan'ity hetsika ity, dia hanomboka hahatsapa ny fihaikana atrehin'ireo olona an-tapitrisany maro any amin'ireny firenena an-dalam-pandrosoana ireny isan'andro izy ireo. Dia hahita koa ianareo hoe inona no ataon'ny ADRA hanampiany ny hafa sy izay lazain'ny Baiboly momba ny fiainana ny fiainam- panompoana kristianina.

*Ny raki-tsoratra fampianarana PDF dia azontsika alaina ao amin'ny: https:// youth.adventist.org/GYD/ItemId/745#bottom*

# 1

# TOMPO Ô, HANDEHA AHO HAVAOZY AHO

(Isaia 6:8)



## FAMPIDIRANA

Ny Mpanoratra Stephen R. Covey, ao amin'ilay boky fanta-daza hoe 7 *Habits of Highly Effective People* (fahazarana 7 nananan'ireo olona tena mahomby), no mizara ny fanandramana iray izay niainany teny amin'ny lalambin'ny New York. Nilaza i Covey fa nipetraka tamim-pahatoniana ny olona tamin'io andro io, ny sasany namaky gazety, ny sasany lasa saina ary ny hafa miala sasatra fotsiny manakimpy ny masony. Raha fintinina dia nilamina sy tony ny rivo-piainana.

Tampoka teo dia niditra tao anaty lamasinina ny lehilahy iray sy ny zanany. Be tabataba sady tsy nankato ireo ankizy ka niova avy hatrany ny tontolo manodidina. Nanakimpy ny masony fotsiny ilay raim-pianakaviana ary tsy niraika velively tamin'ny zava-niseho. Nitsambikina tetsy sy teroa ireo ankizy ary nikiakiaka araka izay tiany, nanipy zavatra, ary nisintona ireo gazety teny amin'ny olona aza. Tena nanorisory ny zava-niseho, saingy tsy nanao na inona na inona ilay raim-pianakaviana.

Tsy nino izay hitany i Covey. Ahoana no hamelan'ity lehilahy ity ny zanany hitondra tena toy izany! Nitsangana avy teo amin'ny toerany izy ary niteny ny rain'ireo zaza, nanao hoe: “Tompoko, mampahatezitra olona maro ny zanakao. Tsy azonao fehezina ve izy ireo?

Tamin'io fotoana io no nanandratan'ilay lehilahy ny masony ary niteny tamin'ny feo malefaka izy hoe: “Marina ny anao. Heveriko fa tsy maintsy mandray andraikitra aho; nankany amin'ny hôpitaly izahay... maty ny renin'izy ireo adiny iray lasa izay. Very hevitra aho ary inoako fa very hevitra koa izy ireo eo anatrehan’izany."

Taorian'io fanambarana io dia nanoratra i Covey hoe: "Tampoka teo dia hafa ny fomba nahitako ny toe-javatra , ary satria hitako tamin'ny fomba hafa izany, dia niova ny fomba fihevitro, ny fahatsapako ary ny fitondrantenako. Nisinda ny fahasosorako.”

Tantara mahaliana! Mampiseho izany fa rehefa miova ny fahitantsika zavatra dia miova koa ny eritreritsika sy ny fihetseham-pontsika ary indrindra ny fihetsika asehontsika. Ao amin'ny hafatra ho antsika anio dia tiako ny hanasa anao hanavao ny fijerinao an'Andriamanitra. Manome toky anao aho fa raha manao izany ianao dia hiova tanteraka ny fiainanao!

## FAMELABELARANA

Asehon'ny Baiboly ny tantaran'ny lehilahy iray izay niova tanteraka rehefa nanavao ny fahitany an'Andriamanitra. Ny mpaminany Isaia no tiako horesahina. Araka ny tantara dia nanana fahitana manokana momba an' Andriamanitra io mpaminany io. Na izany aza, mialoha ny hamakafakana ilay fahitana nanova ny fiainan'i Isaia, dia mamelà ahy hiresaka aminareo vetivety momba ny bokiny.

Ny bokin'i Isaia dia iray amin'ireo boky mahaliana indrindra amin'ny Baiboly manontolo. Misy milaza fa tena Baiboly kely manokana izy io! Manana toko enina amby enimpolo io boky io, toy ny Baiboly misy boky enina amby enimpolo. Manana fizarana roa lehibe izy, toy ny fizarana roa ao amin'ny Baiboly, misy toko sivy amby telopolo ao amin'ny fizarana voalohany (toy ny Testamenta Taloha) ary toko fito amby roapolo ao amin'ny faharoa (toy ny Testamenta Vaovao).

Saingy, fantatrao ve hoe inona no zavatra mahaliana indrindra

amin'ny bokin'i Isaia? Io ilay boky miresaka betsaka momba an'i Jesôsy! Izany no antony iantsoana an'i Isaia hoe mpaminany mesianika. Milaza amintsika ny zavatra rehetra momba an'i Jesôsy i Isaia:

- Ny nahaterahany (Isaia 7:14)
- Ny fianakaviany (Isaia 11: 1)
- Ny nanosorana azy (Isaia 11: 2)
- Ny toetrany (Isaia 11: 3)
- Ny fahatsoran'ny fiainany (Isaia 7:15)
- Ny halemem-panahiny (Isaia 42: 1-4)
- Ny fahafatesany (Isaia 53)
- Ny fitsanganany tamin'ny maty (Isaia 25: 8)
- Ny fanjakany be voninahitra (Isaia 11:32)

Rehefa mamaky ny bokin'i Isaia ianao dia hahita ny vahoakan'i Jesôsy ao amin'ny pejiny tsirairay. Kanefa mba fantatrao ve? Rehefa nanoratra ny bokiny i Isaia dia tsy nisy fahatsarana tao anatin'ny vahoakan'Andriamanitra. Nisy ny karazana olana rehetra!

Niala tamin'Andriamanitra ny olona ary vokatr'izany dia nijaly mafy izy ireo.

Nahatsapa alahelo fatratra ny amin'ny toetry ny vahoakan'Andriamanitra ny mpaminany Isaia. Noho izany, nanapa-kevitra izy indray andro ny ho any amin'ny tempoly hiresaka amin'Andriamanitra ary nandray fanapahan-kevitra ny haneho eo Aminy ireo olana tsirairay manjo ny olony. Tao amin'ny tempoly no nahazoan'i Isaia ny fahitana avy tamin'Andriamanitra, izay nanova tanteraka ny eritreriny, ny fihetseham-pony ary indrindra ny fihetsiny. Inona no nambaran'Andriamanitra tao amin'ny tempoly?

Andeha ange hiaraka hamaky ny Isaia toko faha-6, andininy 1 ka hatramin'ny 4:

1. Tamin'ny taona nahafatesan'i Ozia mpanjaka no nahitako ny Tompo nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana avo sady manerinerina, ary ny ebaneban'akanjony nahafeno ny tempoly.
2. Nisy serafima nitsangana teo amboniny, samy nanana elatra enina avy; ny roa nanaronany ny tavany, ny roa nanaronany ny tongony, ary ny roa nanidinany.
3. Ary nanandratra ny feony izy ka nifamaly hoe: Masina, masina, masina Jehovah, Tompon'ny maro; Henika ny voninahiny ny tany rehetra.

4. Dia nihorohoro ny fanambanin'ny tokonana noho ny feon'ireo nanandratra ny feony; ary feno setroka ny trano.

Naneho ny tenany tamin'i Isaia Andriamanitra! Afaka nibanjina an'Andriamanitra nipetraka teo amin'ny seza fiandrianany ilay mpaminany, voahodidin'ny anjely feno voninahitra mamirapiratra ary nihira tsy nisy fitsaharana, nanao hoe: “Masina, masina, masina ny Tompo Tsitoha; henika ny voninahitrao ny tany rehetra. ”

Inona no nitranga tamin'ny fiainan'i Isaia rehefa nahazo io fahitana mahatalanjon'Andriamanitra io izy? Avelao ny mpaminany ihany no hilaza ny zavatra niainany:

6 Dia nanidina nanatona ahy ny serafima anankiray nitondra vain'afo* [Na: vato mahamay] teny an-tànany, izay nalainy tamin'ny ny tandra avy teo amin'ny alitara. 7 Ary natehiny ny vavako izany, ka hoy izy: Indro, efa nitehika tamin'ny molotrao io; ka dia afaka ny helokao, ary voavela ny fahotanao.8 Ary nandre ny feon'ny Tompo aho nanao hoe: Iza no hirahiko, ary iza no handeha ho irakay? Dia hoy izaho: Inty aho, iraho aho!”

Rehefa nahazo ny fahitana momba an 'Andriamanitra ny mpaminany Isaia, *ny zavatra voalohany tsapany dia ny haben'ny fahotany.* Raha mamaky ny toko faha-5, manomboka amin'ny andininy faha 8 ka hatramin'ny 30 ianao, dia ho hitanao fa mitory manohitra ny fahotan'ny olony ny mpaminany Isaia. Fa rehefa nanana ny fahitana an’Andriamanitra izy dia tsy manondro ny fahotan’olon-kafa, fa nijery ny fahotany manokana kosa. Nojereny ny molony maloto sy ny fiainany feno ota!

Ny zavatra faharoa tsapan’i Isaia taorian'ny nahazoany ny fahitana an'Andriamanitra dia ny *halalin'ny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra.* Tsy navela tao anaty famoizam-po noho ny fahotana i Isaia, fa kosa nahazo famelana avy amin'Andriamanitra. Voakasika ny molony, ary hoy ilay anjely taminy: "Voavela ny helokao, ary voavela ny fahotanao."

Farany, rehefa nahita an'Andriamanitra i Isaia dia *namaly tamim-pahasahiana ilay antso avy any an-danitra.* Nandre ny feon'Andriamanitra i Isaia izay nanao hoe: “Iza no hirahiko, ary iza no handeha ho irakay?” Avy eo, tsy nisy fialan-tsiny, fa “Inty aho, iraho aho!” no valinteniny tamin'Andriamanitra.

Nanova azy tanteraka ny fahitana nananan'i Isaia momba an'Andriamanitra: niova ny eritreriny, ny fihetseham-pony ary indrindra ny fitondran-tenany. Tsy toy ny taloha intsony ny fiainan'i Isaia! Nifantoka tanteraka tamin'Andriamanitra sy ny fanompoana azy ny fiainany.

Nanompo ny Tompo an-taonany maro izy ary vonona ny hanao ny ainy ho sorona ho an'ny asan'Andriamanitra.

Nanontany azy ny mpaminany tanora iray amin'ny efa mahazokiolona azy: “Tompoko, nahoana ianao no manohy miasa tsy ankijanona ho an'ny Tompo?

Namaly i Isaia: "Satria nahita ny Tompo aho indray andro ary niova tanteraka ny fiainako!"

Mampianatra antsika ny tantaran'ilay mpaminany sy ny fihaonany tamin'Andriamanitra fa tsy ho olona mitovy amin'ny taloha intsony isika rehefa manana fahitana momba an'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika. Hiova ny eritreritsika, hiova ny fihetsem-pontsika, fa, ambonin'izany rehetra izany, hiova ny fitondrantenantsika. Tsy hitoemoe-poana mihitsy isika! Manoloana ny antson'ny Tompo dia ho vonona hamaly hatrany isika hoe: "Inty aho. Iraho aho!"

Nandritra ny fotoana lava no nanontaniako tena hoe: Fa maninona ny mpino sasany no mazoto miasa tokoa ho an'ny Tompo nefa ny hafa toa tsy miraika? Nahita ny valin'io fanontaniana io tamin'ny alalan'ny fanoharana tsotra aho. Araka ny filazan'ireo astrônôma dia ireo planeta izay manakaiky kokoa ny masoandro no planeta mihetsika haingana kokoa. Manodidina ny masoandro mandritra ny 80 andro eto an-tany ihany i Mercure. Na izany aza, i Jupiter, mba hahafahany mihodina manodidina ny masoandro dia maharitra mihoatra ny 12 taona. Inona no mahasamihafa azy? I Mercure no planeta akaiky indrindra ny masoandro, vokatr'izany, mihetsika haingana kokoa izy.

Eny, ry havana sy rahalahy sy anabavy malala, toa an'i Isaia rehefa manana fahitana an 'Andriamanitra isika ary manakaiky ny voninahiny, dia hahatsapa fahamehana isika ary ho haingana kokoa ny hetsika ataontsika. Ny tsiambaratelo dia ny fiainana akaiky kokoa ny fanatrehany ary fanavaozana ny fomba fijerintsika azy!

## FAMARANANA

Hiova ny eritreritrao, hiova ny fahatsapanao ary ambonin'izany rehetra izany dia hiova ny fitondrantenanao rehefa manavao ny fijerinao an'Andriamanitra Hianao.

Nitranga tamin’ny tanora iray antsoina hoe Carlos koa izay niseho tamin'i Isaia. Nandritra ny fotoana elaela dia mambra anarany fotsiny tao amin'ny fiangonana i Carlos, nanatrika ny fotoana tsy tamin’ny fony akory izy; araka izay nolazainy dia nahatsiaro ho tsy nanana fanantenana sy tsy nanana fiononana izy na dia izany aza. Indray andro, nanatrika fotoam-pivavahana tao amina fiangonana iray izy

nandritra ny tafio-drivotra be; tsy tonga  ny mpitoriteny noho ilay toetrandro. Rehefa tsy nisy mpitory teny dia nitsangana ny mpanao kiraro iray hitory teny teo imason'ny olona vitsivitsy izay nanatrika teo ary namaky ity andininy ity: *“Mijere ahy, dia ho voavonjy ianareo, ry vazan-tany rehetra; fa Izaho no Andriamanitra, ka tsy misy hafa. ”*- Isa. 45:22. Ilay mpanao kiraro, izay tsy nanana traikefa tamin'ny fahaizana mitory teny, dia namerina ilay andalan-teny ary nilaza hoe: “Jereo! Tsy ilaina akory ny manainga tongotra, na rantsan-tanana. Tsy ilaina ny mianatra any amin'ny oniversite na manome vola hahafantarana ny fomba hikatsahana azy. Jereo Aho, hoy ny Tompo, fa tsy ny tenanareo. Tsy misy fampiononana raha ao aminao. ”

Avy eo, nojereny i Carlos ka hoy izy hoe: “Charles, toa malahelo ny fijery anao. Tsy ho sambatra ianao raha tsy mankatò. " Avy eo dia niantso mafy izy hoe: “Jereo Jesôsy!” Tamin'io andro io dia nilaza i Carlos fa tapa-kevitra ny hijery an'i Jesôsy izy ary niova tanteraka ny fiainany. Inona no nataony taorian'izay? Nanjary mpitoriteny malaza teo amin'ny tantara izy ary fantatra amin’ilay hoe Charles Spurgeon, lehiben’ireo mpitoriteny. Rehefa nanavao ny fijeriny an'Andriamanitra i Isaia dia niova ny fiainany. Rehefa nanavao ny fijeriny an'Andriamanitra i Charles Spurgeon dia niova ny fiainany. Rehefa manavao ny fijerinao an 'Andriamanitra ianao dia hiova ny eritreritrao, hiova ny fahatsapanao, hiova ny fitondrantenanao. Tsy ho mambra anarany fotsiny intsony ianao any am-piangonana fa ho mpanompon'Andriamanitra izay vonona ny hiteny hoe: "Inty aho. Iraho aho."

Manasa anao aho anio hanavao ny fijerinao an'Andriamanitra. Manome toky aho fa amin'ny andro anaovanao izany, dia hilaza tahaka an’i Isaia ianao hoe: Tompo ô, handeha aho.

## FANONTANIANA FISAINTSAINANA

1. *Nahoana ny bokin'i Isaia no antsoina hoe "Baiboly kely"?*
2. *Rehefa nandalo fotoan-tsarotra ny vahoaka, inona no fanapahan-kevitra noraisin'i Isaia?*
3. *Inona avy ireo zavatra telo niainan'i Isaia rehefa nanana fahitana vaovao momba an'Andriamanitra izy?*
4. *Inona no hitranga amin'ny fiainantsika rehefa manavao ny fijerintsika an'Andriamanitra isika?*



# 2

# TOMPO Ô, HANDEHA AHO FENOY AHO

**(Jaona 4:13-14)**

## FAMPIDIRANA

Tena nisy fiantraikany tamin'izao tontolo izao io vaovao io! Raha ny filazan'ny fampitam-baovao lehibe dia maty rehefa nianjera avy tany amin'ny rihana fahavalo tamin'ny tranony tao an-tanànan'i Manhattan ny olo-malaza amin'ny endrika amam-bika (supermodel) tera-tany Rosiana, Ruslana Kurshunova. Tsy nisy nanampo zavatra toy izany. Nanana ny zava-drehetra teo an-tongony ity tovovavy ity: laza, vola, hery miasa mangina ary ho avy lehibe teo anoloany.

Tampoka teo, nanomboka ny famotorana. Nandà ny hino ireo zavatra nolazain'ny manampahefana ny fianakaviany. Na izany aza, taorian'ny fanadihadiana naharitra fotoana ela dia niaiky izy ireo fa namono tena ilay môdely. Nisy namana akaiky iray, rehefa nohadihadiana, nilaza fa toa kivy be i Kurshunova tamin'io andro io. Indrisy fa nitondra azy ho amin'ny fiafarana mampalahelo ny tebitebiny.

Mampalahelo fa olona maro hafa no miaina toe-javatra mangirifiry sahala amin'io tovovavy io. Milaza ny tantaran'ny vehivavy iray izay nanana fanahiana fatratra ny Baiboly, saingy hitany tao amin'i Jesôsy ny famelan-keloka sy ny tanjon'ny fiainany.

## FAMELABELARANA

Ny Filazantsaran'i Jaona no manolotra ny tantaran'ny vehivavy iray izay nifanena tamin'i Jesôsy. Tsy fantatsika ny anarany, fa satria avy tao amin'ny tanànan'ny Samaria izy, dia fantatra amin'ny anarana hoe "vehivavy samaritana."

Alohan'ny hidirana amin'ilay tantara dia zava-dehibe ny mahatakatra fa voasoratra ao amin'ireo boky efatra voalohany amin'ny Testamenta Vaovao ny fiainan'i Jesôsy, fantatra amin'ny anarana hoe "Filazantsara." Ny teny hoe "filazantsara" dia midika hoe "vaovao mahafaly", noho izany, azontsika atao ny milaza fa ao anatin'izany ny vaovao mahafalin'ny famonjena amin'ny alàlan'ny 'i Jesôsy Kristy.

Araka ny efa fantatrareo, ny filazantsara fahefatra dia ny Filazantsaran'i Jaona. Mety manontany ianao hoe: Iza moa i Jaona? Araka ny voalazan'ny Soratra Masina, tovolahy iray niaraka tamin'ny rainy ary nanolo-tena ho amin'ny asa fanjonoana i Jaona (Mat. 4:21). Raha ny toetrany dia olona mirehidrehitra izy ary nanana toetra nirefodrefotra ka fantatra tamin'ny anarana hoe *"zana-baratra"* (Mar. 3:17), saingy indray andro dia niova mandrakizay ny fiainany.

Tonga mpianatry ny fitiavana ilay fantatra amin'ny anarana hoe "zana-baratra". Nanoratra boky dimy tamin'ny Testamenta Vaovao izy (ny Filazantsaran'i Jaona, Epistily telo ary ny bokin'ny Apôkalipsy). Azontsika lazaina fa ohatra velona amin'ny herin'Andriamanitra hanovana sy hampiasana ny tanora ho amin'ny asa fanompoana i Jaona!

Ary i Jaona indrindra no nilaza ny tantara mahavariana momba ilay vehivavy samaritana, ao amin'ny toko faha-efatra amin'ny filazantsarany. Niatomboka tamin'ny nandehanan'i Jesôsy tany Galilia ny tantara, saingy nanapa-kevitra ny hijanona izy talohan'ny nahatongavany tany amin'ny toerana nalehany, satria *"Tsy maintsy mamaky an'i Samaria izy."* –Jao. 4: 4.

Heveriko fa ny ankamaroanareo dia mahalala ny fifanolanana nisy teo amin'ny Jiosy sy ny Samaritana. Nahoana no nisy io fifankahalana io? Ny Samaritana dia sdy Jiosy no Jentilisa, noho izany, nihevitra azy ireo ho babo hatrany ny Jiosy ary dia nanambany azy ireo. Nanapa-kevitra ny Samaritana noho izany toe-javatra izany fa hanana ny

fombafomba fivavahan'izy ireo izay mifaninana amin'ny fombafomba fivavahana Jiosy. Nisy manda ara-piaviana sy ara-pivavahana ary ara-kolontsaina nitsangana teo anelanelan'ireo firenena roa ireo.

Kanefa tonga i Jesôsy handrava ny efitry ny fisarahana (Efes. 2:14). Vokatr'izany, tsy nijery ireo fifanolanana nisy teo amin'ny Jiosy sy ny Samaritana Izy, fa nanapa-kevitra ny handalo ny tanànan'i Samaria.

Araka ny tantara dia tonga tao Samaria tamin'ny mitataovovonana i Jesôsy sy ny mpianany; ary nipetraka nihinana teo amoron'ny fantsakan'i Sykara, tanàna kely any Samaria Izy raha nankany an-tanàna ny mpianatra hividy zavatra hohanina. Tamin'izay fotoana izay, tamin'ny ora tena nampiakatra ny hafanana, no nisy vehivavy iray tao an-tanàna tonga teo amin'ny fantsakana haka rano hampiasainy amin'io andro io.

Tampoka teo, nanomboka ny resaka i Jesôsy, ary nanao hoe: *"Omeo rano aho hosotroiko"* - Jao. 4:7.

Namaly ilay vehivavy hoe: *"Nahoana hianao no Jiosy ka mangataka rano hosotroina amiko, nefa aho vehivavy samaritana?"* - Jao. 4:9.

Tsy niditra amin'ny adihevitra ny Mpampianatra fa tamin'ny fomba mivantana kosa no nilazany hoe: *"Raha fantatrao ny fanomezan'Andriamanitra sy izay miteny aminao hoe: 'omeo aho hosotroiko', dia hianao no ho nangataka taminy, ka nomeny rano velona."* – Jao. 4:10.

Mahaliana ny manamarika fa rehefa nahita an'i Jesôsy ilay vehivavy dia nanondro azy ho toy ny olona tsotra avy any ivelany fotsiny izy. Marihantsika fa izao no nolazainy: *"Tompoko, tsy manana fanovozana Hianao sady lalina ny fantsakana; koa avy aiza no ahazoanao izany rano velona izany?"* - Jao. 4:11.

Nahita an'i Jesôsy ho mpandeha mahazatra tsotra fotsiny ilay vehivavy samaritana!

Saingy niova ny fomba fijeriny rehefa nanohy niresaka tamin'i Jesôsy izy ary manomboka nahita Azy ho mpitarika lehibe. Hoy ilay vehivavy samaritana tamin'i Jesôsy: *"Hianao va lehibe noho i Jakôba razantsika, izay nanome anay ity fantsakana ity, sady izy sy ny zanany mbamin'ny biby fiompiny no nisotro teto?"* - Jao. 4:12.

Tian'i Jesôsy hanana fahalalana lalina momba ny zavatra ara-panahy ilay vehivavy. Izany no antony nilazany hoe: "Izay rehetra misotro ity rano ity dia mbola hangetaheta indray; fa na iza na iza no misotro ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay; fa ny rano izay homeko azy dia ho loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay. (Jao. 4: 13-14).

Nanoloana ilay tolotra, nihiaka Ravehivavy nanao hoe: *"Tompoko, omeo izany rano izany aho mba tsy hangetaheta na hanketo hantsaka intsony."* - Jao. 4:15.

Na izany aza, nanao fanambarana ny Tompo mialoha ny nanohizany: *“Andeha ary, antsoy ivadinao, ka mankanesa atỳ . Ravehivavy namaly ka nanao taminy hoe: Tsy manam-bady aho. Hoy Jesôsy taminy: Marina ihany izay nolazainao hoe: Tsy manam-bady aho; fa efa nanam-bady indimy ianao, sady tsy vadinao ilay itoeranao ankehitriny; marina izany voalazanao izany. ”* - Jao. 4: 16-18.

Teo anatrehan'izany fanambarana izany dia nilaza ilay vehivavy samaritana hoe: "Mihoatra noho ny olona avy any ivelany ity lehilahy ity, mihoatra noho ny mpitarika Izy; Mpaminany ity lehilahy ity.”

*“Tompoko, hitako fa mpaminany ianao.”* - Jao. 4:19.

Fotoana voaomana ho an'i Jesôsy io hanomezany ny fanambarana lehibe indrindra amin'ny fanambarana rehetra. Raha mbola nahatsapa ilay vehivavy fa nanoloana olona tsotra mety maty, dia hoy izy: *“Fantatro fa avy ny Mesia. Rehefa tonga Izy dia hambarany amintsika ny zava-drehetra.”* - Jao. 4:25.

Ary tamin'izay fotoana izay indrindra no nahenoany ny feon'ny Tompo niteny hoe: *"Izaho Izay miresaka aminao - Izaho no Izy."* - Jao. 4:26.

Ry hava-malala, naneho ny tenany ho ilay Mesia tamin'ity vehivavy mahantra sy ory ity i Jesôsy Kristy! Aorian’ireo teny ireo dia milaza amintsika avy hatrany ny tantara fa: *“(…) nandao ny sininy ravehivavy ary nankany an-tanàna ka nanao tamin'ny olona hoe: Andeha hizaha izaroa Lehilahy izaroana, Izay nilaza tamiko ny nataoko rehetra; Izao angaha no Kristy?”* – Jao. 4: 28-29.

Nahatakatra ilay vehivavy samaritana fa mihoatra noho ny olona mety maty i Jesôsy, mihoatra noho ny mpitarika lehibe, mihoatra nohon' ny mpaminany lehibe. Fantany fa i Jesôsy no ilay Mesia nampanantenaina. Ary tsy hoe nahatakatra izany fotsiny izy, fa, nanaiky azy tao am-pony ihany koa!

Ry namana, mampihetsi-po ity tantara ity ary mampianatra antsika lesona marobe tokoa. Saingy misy teboka maro izay tiako hasongadina amin'izany. Voalohany indrindra, izay manaiky an'i Jesôsy irery ihany no afaka manandrana ny fiovana eo amin'ny fiainany. Nihaona manokana tamin'i Jesôsy Kristy ilay vehivavy samaritana , ary niova ny fiainany noho io fihaonana io. Hanandrana fiovana izay rehetra mihaona amin'i Kristy! Ketraka ilay vehivavy samaritana, nalahelo, nangahiahy ary tsy nanana fanantenana. Saingy rehefa nifanena tamin'ny Mpampianatra izy dia fifaliana sy fahasambarana ary fanantenana no nameno ny fiainany. Avelao aho hilaza aminao fa izany no hitranga amin'ny fiainanao. Nisy olona nilaza fa rehefa mandalo i Jesôsy dia misy zavatra mitranga.

Faharoa, tiako faritana amin'ity tantara ity fa rehefa mifanena amin'i Jesôsy ny olona dia tsy afaka mangina izy ireo. Inona no nataon'ilay vehivavy samaritana rehefa nanambara ny tenany ho

Mesia i Jesôsy? Nivoaka hiresaka amin'ny hafa izy. Ellen White, ao amin'ny boky Ilay Fitiavana Mandresy, pejy 195, dia nanoratra:

> Raha vantany vao nahita ny Mpamonjy ilay vehivavy Samaritana dia nitondra Azy teo amin’ ny hafa. Nasehony tamin’izay fa misionera mahomby noho ireo mpianatr’ i Jesôsy izy. Tsy nahita na inona na inona tao Samaria izay mampiseho saha mamporisika hiasa ny mpianatra. Nifantoka tamin’ ny asa lehibe hatao ho amin’ ny ho avy ny sainy. Tsy hitany fa nanodidina azy akaiky dia nisy vokatra tokony hangonina. Nefa tamin’ ny alalan’ilay vehivavy izay nohamavoiny dia tanàna iray manontolo no voatarika hihaino ny Mpamonjy. Nentin-dravehivavy avy hatrany tamin’ ny mpiray tanàna taminy ny fahazavana. Io vehivavy io dia mampiseho ny vokatry ny finoana an’i Kristy, dia finoana tsotra, ary avy hatrany dia miasa amim-pahendrena. Ny tena mpianatra marina rehetra dia teraka ao amin’ ny fanjakan’ Andriamanitra mba ho misionera. Izay misotro ny rano velona dia manjary loharanon’ aina. Manjary mpanome ny mpandray. Ny fahasoavan’i Kristy ao amin’ ny fanahy dia tahaka ny loharano any an’ efitra, izay miboiboika mba hampangatsiatsiaka ny rehetra sy hahatonga ireo izay efa ho faty hazoto hisotro ny ranon’ aina.

Rehefa mihaona amin'i Jesôsy ianao ary misotro amin'ny ranon'aina dia maniry ny hilaza amin'ny hafa ny zava-mahatalanjon'Andriamanitra. Hoy Jesôsy Tompo: *“Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro. Izay mino Ahy, dia hisy onin'ny rano velona miboiboika avy ao an-kibony, araka ny voalazan'ny Soratra Masina.. ”* – Jao. 7: 37-38.

Nolazaina fa i Juan Naponi dia nanjono salmona ("saumon") tany amin'ny toerana iray sahabo ho 27 km miala ny tetezana Golden Gate any San Francisco, Californie. Vao nanomboka ny folak'andro dia feno ny sambony ary nitodi-doha hody any an-tranony izy.

Maherin'ny iray kilaometatra miala ny helodrano izay misokatra aorian'ny tetezana, no nahitan'i Naponi mpanjono, tamim-pahatairana, lohan'olona an-jatony miakatra sy midina ao anaty onja. Afaka nahita ny ampahany tamin'ilay sambo izay vao nilentika tamin'ny rano maria izy. Feno ranomaso ny masony raha nahita olona maro izay niady mafy hihazona ny tenany hitsingevana. "Tsy maintsy mamonjy olona betsaka araka izay tratra aho", hoy izy tao am-pony, ary nanomboka niasa izy.

Ny sambony irery no tao amin'ilay faritra. Nangataka ny ho vonjena ireo sisa mbola velona teny rehetra teny, niasa haingana araka izay tratra i Napoli. Natsipiny tany anaty ranomasina ireo salmona izay nojonoiny - sahabo ho telo arivo dôlara - mba hanomezana toerana ho an'ny olona maro kokoa. Rehefa avy niasa adiny enina izy dia

afaka namonjy olona 54. Koa satria mbola nisy olona tao anaty rano dia nanipy tady ilay mpanarato, ka olona 16 no noraisiny, ary notarihiny ho eny amin'ny tetezana.

Rehefa nihaona tamin'i Jesôsy ilay vehivavy samaritana dia niteny nitovy tamin'izay nolazain'i Juan Napoli izy : "Tsy maintsy mamonjy olona betsaka araka izay tratrako aho."

## FAMARANANA

Ry havana, tiako ny hamarana amin'ny filazako fa tsy afaka ny hangina ianao amin'ny andro hanandramanao ny tena fihaonana amin'i Jesôsy. Ary hiteny ihany koa isika hoe: "Tsy maintsy mamonjy olona betsaka araka izay tratrako aho." Misy olona kivy sy tsy misy antenaina an'arivony maro manodidina antsika; mila mandre izy ireo fa manasitrana sy mamonjy i Jesôsy. Kanefa tsy maintsy misy olona milaza izany! Tsy afaka ny hangina isika. Manasa anao aho androany mba hisotro amin'ny ranon'aina mba hahatonga anao ho lasa fantsompitahiana ho an'izao tontolo izao. Mitsangàna ankehitriny, ka lazao hoe: Tompoko, omeo izany rano velona izany aho! Ataovy ho renirano fitahiana ho an'ireo very tsy manana fanantenana aho! Ampio aho hilaza fa ianao no fanantenana ho an'ireo izay ory sy mijaly!

Manome toky anao aho fa amin'ny andro hisotroanao ranon'aina, tahaka ilay vehivavy samaritana dia hiteny koa ianao hoe: Tompo ô, handeha aho.

## FANONTANIANA FISAINTSAINANA

1. *Nanao ahoana ny toetran'i Jaona talohan'ny nahalalany an'i Jesôsy? Inona no nitranga teo amin'ny fiainany taorian'izay?*
2. *Inona no toe-javatra nisy teo amin'ny Jiosy sy ny Samaritana?*
3. *Nahoana araka ny hevitrao no nila nandalo an'ny Samaria i Jesôsy?*
4. *Inona no nitranga tamin'ireo izay nisotro ny ranon'aina?*



# 3

# TOMPO Ô, HANDEHA AHO AFAHO AHO

(Marka 5:19)

## FAMPIDIRANA

Anisan'ireo mpitarika kristianina nalaza indrindra nandritra ny vanim-potoana niainany i Charles Colson. Lasa fanta-daza sy nanana ny maha-izy-azy izy amin'ny maha-mpanoratra lehibe azy, ary ankoatra izay koa, amin'ny maha-olona tia mikarakara sy miahy ireo izay mijaly any am-pigadrana azy. Kanefa, teo aloha, ny nahafantarana an'i Charles Colson dia "mpanao ratsy ikoizana". Nandritra ny taona maro izy dia nitana ny toerana amin'ny maha-mpanolo-tsaina manokana ny Filoham-pirenenana tany Etazonia, ary tafiditra tao anatin'ny fanaovana korontana ara-pôlitika sy fanararaotam-pahefana. Rehefa hita fa meloka tamin'ireo fiampangana maro isan-karazany nanenjehana azy izy, dia nivoaka ny didim-pitsarana hampidirana an'i Charles Colson am-ponja, ary nijanona tao nandritra ny fito volana izy. Tao am-pigadrana anefa izy no nokasihan'Andriamanitra manokana ary niaina ny fanandraman'ny famelan-keloka. Nanomboka tamin'izay dia niova ho olom-baovao izy. Rehefa tonga tany amin'ny mpanao gazety ny vaovao fa niova fo ary lasa Kristiana i Colson tamin'ny taona 1973, dia

nilaza ny gazety Boston Globe hoe “Raha afaka mibebaka amin’ny fahotany i Andriamatoa Colson, dia mbola misy ny fanantenana ho an’ny rehetra.”

Afaka soa aman-tsara i Colson, tsy tamin’ny figadrana ara-batana ihany, fa tamin’ny figadrana ara-panahy ihany koa. Androany dia tiako ny hisaintsainantsika ny amin’ny herin'i Jesôsy manome fahafahana. Noho izany dia manasa anareo aho hiaraka amiko miaraka amin'ny Baibolinareo ao amin'ny Filazantsaran’i Marka, toko faha-5, ary andeha isika handinika izay hita ao amin'ny andininy 1 ka hatramin'ny faha-20.

## FAMELABELARANA

Ny Filazantsaran’i Marka no faharoa amin'ireo filazantsara efatra. Na dia faharoa aza ity filazantsara ity, aorian'i Matio, dia lazain'ny manam-pahaizana fa izy no voalohany nosoratana. Ho fampahalalana antsika, dia tiako ny hanasongadina fa ny anaran’ity filazantsara ity dia tsy tokony ho ny Filazantsara araka ny filazan'i Marka, fa ny Filazantsara araka ny filazan'i Petera. Mety hanontany ianareo hoe “nahoana?” Tsotra ny valiny, satria i Petera no nanonona ny filazantsara tamin'i Marka. Ka ny filazantsaran'i Marka dia tsy inona fa ny fanandramana notantarain'i Petera mahakasika ny diany niaraka tamin'i Jesôsy Kristy.

Alohan'ny hanohizana dia zava-dehibe ny fahafantarantsika hoe iza moa i Marka. Araka ny bokin'ny Asan'ny Apôstôly, i Marka dia zanaky ny vehivavy iray antsoina hoe Maria, tompon'ny trano nitoeran'i Petera taorian'ny nanafahan'ny anjely azy avy tao an-tranomaizina (Asa. 12:12). Ny tena anaran’i Marka dia Jaona, ary izany no antony no ahafantaran’ny fiangonana azy amin’ny anarana hoe Jaona Marka (Asa. 12:25). I Marka no nanaraka an'i Paoly sy Barnabasy tamin'ny dia misionera voalohany nataony, saingy rehefa nahita ny loza sy ny olana nanjo ny fiainan'ny misiônera izy dia niverina. Na izany aza dia nomen'i Barnabasy fahafahana faharoa izy, ary lasa mpitarika lehibe sy mpitory teny ary mpanoratra nampiasain'Andriamanitra (Asa. 15:39).

Ny tantaran'i Marka dia mampiseho amintsika ny lanjan'ny tombontsoa fanararaotra faharoa. Mety misy ny tanora sasany fantatrao, toa an'i Marka, izay kivy amin'ny finoana. Inona no ilain'izy ireo? Barnabasy iray izay hanampy azy ary hilaza aminy fa ao amin'i Jesôsy dia afaka mahita fahafahana vaovao izy ireo !

Nanoratra tantara maro momba an'i Jesôsy sy ny hery ananany hanome fahafahana i Marka. Fa amin'ireo tantara rehetra voasoratra ao amin'ny filazantsarany, ny tantara mandona sy mampihetsi-po indrindra dia ny fihaonan'i Jesôsy tamin'ilay demôniaka tao Gadarena.

Andeha isika hiara-hamaky ity tantara mahavariana ity izay voasoratra ao amin'ny toko faha-5 amin'ny Filazantsara araka ny filazan'i Marka:

*Ary tonga teny am-pitan'ny ranomasina tao amin'ny tanin'ny Gerasena izy ireo. Ary nony niala teo an-tsambokely Izy, niaraka tamin'izay dia nisy lehilahy azom-panahy maloto nivoaka avy teny amin'ny fasana ka nifanena taminy, fa nitoetra tao amin'ny fasana izy; ary tsy nisy olona nahafatotra azy intsony na dia tamin'ny gadra aza. Fa efa nafatony matetika tanin'ny gadra, na ny tànany, na ny tongony; nefa ny gadra tamin'ny tànany notapahiny, ary ny gadra tamin'ny tongony notorotoroiny, ka tsy nisy olona nahafolaka azy. Ary mandrakariva, na andro na alina, dia nitoetra teny amin'ny fasana sy teny an-tendrombohitra izy ka ninananana sady niteti-tena tamin'ny vato. Fa nony nahita an'i Jesôsy teny lavitra eny izy, dia nihazakazaka ka niankohoka teo anatrehany"* - Mar. 5:1-6.

Ny andro talohan'io fihaonana io dia niaraka tamin'ny mpianany i Jesôsy tao anatin'ny tafio-drivotra (Mar. 4: 35-41). Saingy tao anatin'io tafio-drivotra nandrahona ny handrendrika ny sambo io dia re ny feon'ilay Mpampianatra nilaza hoe: *"Mangina, mitsahara!"* (Mar. 4:39). Noho ny baikon'i Jesôsy dia nijanona ny tafio-drivotra ary nisy ny filaminana!

Ny ampitso maraina dia nidina teo amoron'ny Ranomasin'i Galilia i Jesôsy sy ny mpianany, akaikin'ny tanàna antsoina hoe Gadarena. Rehefa tonga tany izy ireo dia nisy olona iray nitsena azy ireo tamin'ny fomba tsy mahazatra. Nisy lehilahy iray nanatona sady nitaritarika rojo matevina avy eny amin'ny fasana. Nandeha rà ny vatany, vokatry ny ratra maro izay nataony tamin'ny tenany. Ny volony lava sy misavoritaka, niaraka tamin'ny masony mena, dia nanome fiheverana fa io lehilahy io dia tsy olombelona intsony, fa toy ny bibidia. Raha jerena ity sehatra ity dia fantatro fa mety hanontany ianao hoe: Fa nahoana no nanao toy izany ity lehilahy ity? Fa nahoana izy no nipetraka tao am-pasana ary nampijaly tena? Milaza amintsika ny baiboly fa ity lehilahy ity dia *"azom-panahy maloto"* (Mar. 5:2).

Mampalahelo fa tsy afaka nanao araka izay sitrapony ity lehilahy ity fa voagejan'ny herin'ny fanahy ratsy. Raha lazaina amin'ny teny hafa dia teo ambanin'ny fanapahan'ny demonia izy (Mar. 5:12).

Ry namana, amin'izao fotoana izao, mihevitra ny tantaran'ny Baiboly ho toy ny tantara foronina fotsiny ny olona. Ho an'ny maro, lainga fotsiny ny fisian'i Satana sy ny demonia, kanefa mamelà ahy hilaza aminareo fa manambara amintsika ny Baiboly fa misy tokoa i Satana ary manana ady amin'ny zanak'Andriamanitra izy. Manamafy izany ao amin'ny Efesiana toko faha-6 andininy faha-12: *"Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-drà, fa amin'ny fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'izao fahamaizinana izao, dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra."*

Tahaka izany koa, mampitandrina antsika ny ao amin’ny 1 Petera, toko faha-5, andininy faha-8: *“Mahonòna tena, miambena: fa ny devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mierona mitady izay harapany.”*

Tena misy tokoa i Satana ary tsy tsara ny fikasany. Fantatrao ve ny tian'ny fahavalo hatao amin'ny fiainan'ny olona? Jereo izay nolazain'i Jesôsy tamintsika momba ny drafitry ny fahavalo: *“Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana.”* (Jao. 10:10)

Mikasa ny hamotika ny fiainantsika ny fahavalo. Tsy tiany hahazo zavatra tsara mihitsy ny olona. Ny haizina sy ny fanaintainana ary ny alahelo no tadiaviny hamenoana ny fiainantsika. Kanefa, tokony ho fantatsika fa na dia lehibe aza ny herin'i Satana dia lehibe kokoa ny herin'Andriamanitsika.

Ny tantara dia milaza amintsika fa rehefa tonga teo amin'ny toerana nisy an'i Jesôsy ilay demôniaka avy any Gadarena dia niankohoka izy. Nifanatrika indray i Jesôsy sy i Satana tamin'izay. Mitady izay hihazonana ny olona eo ambanin’ny fanandevozany ny fahavalo fa Jesôsy kosa te- hanome fahafahana. Mitohy ny tantara:

*“Fa nony nahita an'i Jesôsy teny lavitra eny izy, dia nihazakazaka ka niankohoka teo anatrehany sady niantso tamin'ny feo mahery hoe: Moa mifaninona akory izaho sy Hianao, ry Jesôsy, Zanak'Andriamanitra Avo Indrindra? Ampianianiko amin'Andriamanitra Hianao, aza mampijaly ahy, satria i Jesôsy efa nanao taminy hoe: Mivoaha amin'ity lehilahy ity, ry fanahy maloto!”*

*“Dia nanontany azy i Jesôsy hoe: Iza moa no anaranao?”*

*“Ary izy namaly hoe: Legiona no anarako, satria maro izahay. Ary nifona mafy taminy izy mba tsy horoahiny hiala amin'izany tany izany.”*

*“Ary nisy kisoa maro andiany izay nandrasana teny akaikin'ny tendrombohitra. Ary nifona taminy ireo ka nanao hoe: Alefaso izahay ho any anatin'ny kisoa mba hiditra any aminy. Dia neken'i Jesôsy. Ary ny fanahy maloto, rehefa nivoaka, dia niditra tao anatin'ny kisoa; ary ireo kisoa andiany ireo nitratrevatreva teny amin'ny hantsana ho any amin'ny ranomasina (tokony ho roa arivo no isany), ka dia maty tany amin'ny ranomasina izy”* - Mar. 5:6-13.

Isaorana anie ny anaran'i Jehovah! Ity lehilahy ity izay efa voagejan’ny herin'ny maizina nandritra ny taona maro dia nafahan'i Jesôsy. Tapaka ny gadra ara-pihetsem-pony! Niverina ny sainy! Mpanafaka mahery tokoa ny Andriamanitsika!

Inona no nitranga taorian'izay? Ny tantara dia milaza amintsika fa rehefa nafahan'i Jesôsy ity lehilahy ity dia nangataka izy mba havelany hanaraka Azy (Mar. 5:18). Nefa tsy navelan'i Jesôsy izy fa nilaza taminy kosa Izy hoe *“Modia ihany any an-tranonao ho any*

*amin'ny havanao, ka lazao aminy izay zavatra lehibe nataon'ny Tompo taminao sy ny namindrany fo taminao”* - Mar. 5:19.

Ho fanatanterahany ny baiko nomen’i Jesôsy, dia nandeha ity lehilahy izay voagejan’ny herin’i Satana teo aloha ity, *“ka nitory tany Dekapolisy izay zavatra lehibe efa nataon'i Jesôsy taminy; ka dia gaga ny olona rehetra.”* (Mar. 5:20). Efa olona afaka izy ankehitriny, ary nanomboka nilaza tamin'ny hafa ny zava-mahatalanjona nataon'i Jesôsy teo amin'ny fiainany!

Ry sakaiza malala, mampiseho amintsika ny herin'i Jesôsy hanome fahafahana ity tantara ity. Tsy misy rojo vy ka tsy azon’i Jesôsy tapahana. Tsy misy tranomaizina ka tsy azon'i Jesôsy sokafana. Jesôsy Kristy Tompontsika sy Mpamonjy antsika dia manana ny hery hanafahana antsika amin'ny herin'ny maizina. Misalasala ny amin'izany ve ianao? Jereo izay lazain'ny Baiboly ao amin'ny Kôl. 1:12-14: *“ka misaotra ny Ray, Izay nampahamendrika antsika hanana anjara amin'ny lovan'ny olona masina eo amin'ny mazava, sady nahafaka antsika tamin'ny fahefan'ny maizina ka namindra antsika ho amin'ny fanjakan'ny Zanany malalany, Izay ananantsika fanavotana, dia ny famelana ny helotsika.”*

Azonao ve? Andriamanitra, tamin'ny alalàn'i Jesôsy Kristy, dia nanafaka antsika tamin'ny fahefan'ny maizina. Lehibe ny herin’Andriamanitra. Afaka manafaka anao amin'ny zavatra manandevo anao Izy. Afaka mivoaka amin’izany toerana izany ianao anio ary miteny hoe: "Afaka ao amin'i Jesôsy aho."

## FAMARANANA

Inona no nitranga tamin'i Charles Colson taorian'ny nandaozany ny tranomaizina? Mitovy amin’ilay demôniaka tao Gadarena: lasa izy ary nilaza tamin'ny hafa ny zava-mahatalanjona nataon'Andriamanitra teo amin'ny fiainany.

Ny tantara dia milaza fa indray andro, fotoana fohy talohan'ny nialàny tao am-ponja, i Colson dia nikarakara ny fananany manokana tao amin'ny efitranony tao amin’ny tranomaizina, ary ny gadra hafa kosa nilalao karatra. Tampoka teo dia niantsoantso ny iray tamin'ireo mpilalao, gadra iray nirefy 1,8 metatra antsoina hoe Archie, nanao hoe: “Colson a, handeha ianao afaka fotoana fohy. Inona no hataonao ho anay?

Tampoka teo dia nangina ny efitrano iray manontolo. Nihaino ny sofina rehetra mba handre ny valiny: “Hanampy anareo arak'izay azoko atao aho”, hoy i Colson namaly, “Tsy hanadino anareo velively aho.”

“Rediredy izany!” hoy i Archie tamin’ny feo mafy, sady natsipiny teo ambony latabatra ny karatra. “Samy milaza izany daholo ny rehetra.

Nahita olona maro toa anao aho izay tonga sy nandeha. Mitovy ny zavatra lazain'ny rehetra rehefa ato anatiny ato. Avy eo rehefa lasa izy ireo dia manadino haingana. Tsy misy olona miraharaha ny momba anay. Tsy misy na dia iray aza!”

Kanefa amin’izao fotoana izao, efa ho 35 taona taorian'izany resaka izany, mpilatsaka an-tsitrapo kristiana an'arivony avy amin'ny fiangonana maro, any amin'ny firenena 113 manerana ny tany, no mihevitra sy mitsidika ny fonja, manampy ireo voafonja, manampy ny fianakaviany, ary mizara ny Vaovao Mahafaly momba an'i Kristy amin'ireo voafonja.

Izany zavatra izany, dia vokatry ny nataon’i Colson, izay nanangana ny *Prison Fellowship’s Endowment Fund* (tahirim-bola natokana ho an’ireo voafonja) tamin’ny taona 1976 izay miara-miasa amin’ireo fiangonana ka lasa fikambanana mivelatra indrindra amin’ny fanampiana ireo voafonja sy ireo gadra nafahana ary ny fianakavian’izy ireo.

Nafahana ilay demôniaka ary avy hatrany dia nanomboka nitantara ireo zava-mahagaga nataon'Andriamanitra teo amin'ny fiainany izy. Nafahana i Charles Colson ary avy hatrany dia nanomboka asa fanompoana hanampiana ireo izay nijaly tany am-ponja nanerana izao tontolo izao. Toy izany koa, rehefa miaina ny fahafahana omen'ny filazantsara antsika isika dia tsy afaka hangina, fa handeha kosa ary hilaza fa lehibe tokoa ny zavatra nataon'Andriamanitra teo amin'ny fiainantsika.

Ny vavaka ataoko dia ny mba hiainanareo androany ny fahafahana izay Jesôsy irery ihany no afaka manome azy. Manome toky anareo aho fa tsy ho afaka hangina ianareo, fa kosa, toa an’ilay lehilahy nafahana tamin'ny demonia, dia hiteny koa ianareo hoe: “Tompo ô, handeha aho.”

## FANONTANIANA FISAINTSAINANA

1. *Iza moa i Marka ary inona no ampianarin'ny tantarany antsika?*
2. *Nahoana ilay lehilahy avy any Gadarena no nipetraka teny amin’ny fasana niaraka tamin’ny rojo vy?*
3. *Inona no nangatahin'ilay lehilahy voagejan’ny demonia teo aloha rehefa nanafaka azy i Jesôsy?*
4. *Inona no zavatra mitranga eo amin’ny fiainan’ireo olona izay miaina ny fahafahana ao amin’i Jesôsy?*



# 4

# TOMPO Ô, HANDEHA AHO SITRANO AHO

## FAMPIDIRANA

Raha mandeha mamakivaky ny tantara ianao dia hahamarika fa nandalo areti-mandringana lehibe maro izao tontolo izao. Anisan'ireo malaza indrindra ny nendra *(variole)*, izay, tao anatin'ny zato taona, dia nitondra olona 26 tapitrisa mahery tany am-pasana. Raha miresaka momba ny valanaretina isika, dia tsy afaka manadino ny *peste bubonique*, fantatra koa amin'ny anarana hoe “Pesta Mainty”, izay nitondra fahafatesan'ny olona 27 tapitrisa. Raha tsy mihemotra lavitra loatra isika, tamin'ny 1918 nipoitra ny areti-mifindra mahafaty tao amin'ny tobin'ny miaramila britanika, dia ny Gripa Espaniola, izay tao anatin'ny valo volana monja dia nahafaty olona mihoatra ny 25 tapitrisa.

Mety ho tsy fantatry ny olona intsony izany valan'aretina izany, noho ny fandehan'ny fotoana. Na izany aza, tamin'ny faran'ny taona 2019 dia nahare ny fipoahan'ny karazana gripa vaovao isika, izay nipoitra avy tao amin'ny tanànan'i Wuhan, tany Chine, ary tao anatin'ny herinandro

vitsivitsy, dia natoka-monina ny tanàna iray manontolo. Rehefa nandeha ny andro sy ny herinandro, dia niparitaka hatrany ilay otrik'aretina natahorana: Chine, Korea, Japon, Italia, Espana… ary farany, izao tontolo izao. Nantsoina hoe COVID-19 Izany valan'aretina izany. Olona maherin'ny 84 tapitrisa no voan'ny aretina araka ny tatitra ary olona 1,8 tapitrisa no maty nanerana an'izao tontolo izao.

Na dia niteraka korontana aza ireo valan'aretina rehetra ireo, dia misy valan'aretina mahafaty kokoa noho ny nendra, noho ny pesta mainty, eny, noho ny COVID-19 koa aza. Ao amin'ny hafatra androany dia hiresaka momba io aretina io isika.

# FAMELABELARANA

Ny filazantsaran'i Matio, Marka ary i Lioka dia milaza ny tantaran'ny boka iray izay nanatona an'i Jesôsy hitady fanasitranana. Milaza ity tantara ity amin'izao fomba manaraka izao ny Filazantsaran'i Marka:

*"Ary nisy boka nanatona Azy ka nitaraina taminy sady nandohalika teo anatrehany ka nanao taminy hoe: Raha mety Hianao, dia mahay manadio ahy. Ary i Jesôsy dia onena azy ka naninjitra ny tànany, dia nanendry azy ka nanao taminy hoe: Mety Aho; madiova ianao. Ary niaraka tamin'izay dia niala taminy ny habokany, ka dia nadio izy"* - Mar. 1:40-42.

Ny habokana - araka ny filazan'ny manam-pahaizana momba ny Baiboly - dia aretina maharary sy maharikoriko izay nahatonga ny olona nahazo azy io ho maloto ary tsy nisy fanasitranana mihitsy.

Tamin'ny andron'i Jesôsy dia ny habokana no aretina ratsy indrindra (fantatra tamin'ny anarana hoe "kapoka" na "rantsantanan'Andriamanitra") ary natahorana indrindra; tsy noho ny tsy fisian'ny fanasitranana azy ihany, fa noho ny marika nijanona tamin'ny olona izay niaritra azy koa.

- Ny boka dia noraisina ho kilemaina tanteraka; ara-batana sy ara-panahy. Tsy maintsy nijanona farafahakeliny roa metatra miala ny olona izy, ary anisan'izany ny fianakaviany.
- Toy ny maty mbola velona ireo boka. Tsy maintsy nampiasa akanjo mainty izy ireo mba hahafantarana azy ho isan'ireo maty.
- Voaroaka tsy ho ao amin'ny fiaraha-monina izy ireo. Tsy afaka niaina tao anatin'ny mandan'ny tanàna izy ireo; ny trano fonenany dia natao tany ivelan'ny tanàna.
- Noraisina ho voaroaka sy tsy ankasitrahan'Andriamanitra izy ireo. Noraisiana ho sazy nalefan'Andriamanitra tamin'ny olona sasany noho ny fahotany ny habokana.

Ry sakaiza malala, azonareo an-tsaina ve ny fijaliana sy ny fanaintainan'ny boka? Tafasaraka tanteraka amin'ny fianakaviana, namana ary fiaraha-monina. Alao sary an-tsaina ny fijaliana ara-pihetseham-po sy ara-tsaina izay tsy maintsy nihatra tamin'ireo tratry ny habokana, niaina tamin'ny aretina izay noheverina fa sazy avy tamin'Andriamanitra izay nalefa tany amin'ireo mpanota ratsy indrindra.

Fa avelao aho hilaza ity manaraka ity: na dia aretina mahatsiravina aza ny habokana dia tsy io no ratsy indrindra tamin'ireo aretina rehetra. Misy aretina izay mampidi-doza kokoa, saingy marika fanehoana azy fotsiny ny habokana. Ny mpanoratra Kristianina Ellen White, ao amin’ny bokiny Ilay Fitiavana Mandresy, pejy 272, dia miteny amintsika ny amin’ny fahotana izay aretina mahafaty indrindra amin’ny aretina rehetra:

*”Ny asa nataon’i Kristy tamin’ ny nanadiovany ilay boka ho afaka amin’ ny aretiny mahatsiravina, no enti-manazava ny asany eo amin’ ny fanadiovana ny fanahy amin’ ny fahotana. ’Heniky ny habokana’ ilay lehilahy nanatona an’i Jesôsy. Nanenika ny tenany manontolo ny poizina mahafaty. Niezaka ny mpianatra hanakana ny Tompony tsy hikasika azy; izay mikasika boka mantsy dia manjary maloto koa. Fa raha nametraka ny tanany teo amin’ilay boka i Jesôsy, dia tsy nifindran’ ny fahalotoana. Mizara hery mitondra aina ny fikasihany. Voadio ny habokana.* Toy izany koa amin’ ny habokan’ ny fahotana, — lalim-paka, mahafaty ary tsy sitran’ ny herin’ olombelona”.

Ny habokana no tandindona mety indrindra hanehoana ny fahotana, izay aretina mahafaty sy manimba indrindra amin'ny aretina rehetra. Ny mpitoriteny Greg Laurie dia nanao fampitahana mahagaga teo amin'ny habokana sy ny fahotana. Araka ny filazany:

- *Ny habokana dia manomboka amin'ny fomba tsy hita maso.* Manomboka amin'ny fomba mitovy amin’izany ihany koa ny fahotana. Tsy nieritreritra velively i Eva fa ny resaka tsotra nifanaovany tamin'ny bibilava dia hanokatra ny varavaran'ny faharatsiana ho an'ity planeta ity. Tsy nieritreritra i Davida fa hitarika olana be dia be ho an'ny fianakaviany ny fijerena ny vadin’ny miaramilany iray.
- *Lovaina ny habokana.* Mety ho faharatsiana nifindra tamin'ny taranaka nifandimby izy io. Amin'ny maha olombelona antsika dia teraka mpanota avokoa isika rehetra. Nandova ny fahotana avy tamin'ireo ray aman-drenintsika voalohany isika. Noho izany, tsy mpanota isika satria manota, fa manota isika satria mpanota.
- *Miparitaka amin’ny fomba haingana ny habokana.* Tahaka izany koa, ny fahotana dia mitombo sy mivelatra amin’ny fomba haingana manerana ny fanahy iray manontolo.

# TOROMARIKA MOMBA NY TARATASY FISORATANA ANARANA

Hisy tambajotra manokana noforonina ho an'ny Tanora Advantista hananana ny tahiry (base de données) sady hanatsarana ny sehatr'asan'ny tanora. Noho izany dia nampitoviana daholo ny taratasy fisoratana anarana eto anivon'ny IOUC. (Tsy manafoana ny fandaminana efa vita teo amin'ny Fiangonana na Federasiona izany).

**Indro ny toromarika momba ny fandaminana vaovao**

1. Tehirizina isam-piangonana ilay taratasy fisoratana anarana isambatan'olona
2. Ampiakarina isaky ny Distrika/Faritra/ Federasiona ilay lisitra tambatra ka asiana ny laharana finday sy ny anaran'ireo tompon'andraikitra isan-tsokajy (Fiangonana/Distrika/Faritra)
3. Ny vola ho saram-pisoratana anarana miaraka amin'ny assurance dia alefa miaraka amin'ilay lisitra tambatra ao amin'ny Federasiona tahaka ny mahazatra. Ireo izay hanao assurance miaraka amin'ny ARM ( Adventist Risk Management) dia 4000 Ar ho an'ny Tanora zandriny ary 5000 Ar ho an'ny Tanora zokiny alefa mivantana aty amin'ny foibe IOUC ny lisitra alohan'ny faran'ny volana Martsa ary manan-kery ny avrily ka hatramin'ny Avrily ny taona manaraka io fiantohana io.
4. Holazaina miandalana ny toromarika manaraka (rehefa azo ny laharana findain'ireo tompon'andraikitra isan'ambaratonga rehetra, hantsoina izy ireo hanomezana ny toromarika amin'ny fampidirana ny fisoratana anarana ao amin'ny "Base de données" & Plateforme JA IOUC
5. Afaka miditra avy hatrany ho Projet Pilote izay afaka manatanteraka izany. Ireo izay tsy afaka dia hahita miandalana io fomba fiasa vaovao io.

Adventist
Youth Ministries

# FISORATANA ANARANA
(INSCRIPTION)

## ANKAPOBENY *(Généralités)*

Federasiona: ____________ *(Fédération)*

Faritra : ____________ *(Région)*

Laharam-pitehirizana : ____________ *(Numéro d'inscription)*

Distrika : ____________ *(District)*

Fiangonana : ____________ *(Eglise)*

Sary tapaka *(Photo d'indentité)*

## NY TENAKO *(Informations personnelles)*

**Anarana :** ____________ *(Nom)*

**Fanampiny :** ____________ *(Prénom)*

**Daty nahaterahana :** ____ / ____ / ____ *(Date de naissance)*

**Solon'anarana:** ____________ *(Totem)*

**Adiresy:** ____________ *(Adresse)*

**Lahivavy:** *(Sexe)* ☐ Lehilahy *(Masculin)* ☐ Vehivavy *(Féminin)*

**Lah. finday:** ____________ *(Num téléphone)*

**@Mailaka :** ____________ *(E-mail)*

**Asa fivelomana:** ____________ *(Métier)*

**Orinasa :** ____________ *(Société)*

**Kilasy (raha mpianatra) :** ____________ *(Classe)*

**Sekoly :** ____________ *(Ecole)*

**Làlam-piofanana :** ____________ *(Filière)*

**Sakafo tsy ohanina (antony) :** *(Aliment(s) à éviter (raison))*
____________

**Sokajin-drà:** ____________ *(Groupe sanguin)*

**Aretina mitaiza :** ____________ *(Tare(s))*

**Fanafodiny:** ____________ *(Traitement)*

**Olona antsoina raha misy voina :** *(Personne à contacter en cas d'urgence)* ______________________

**Lah. findainy:** *(Son numéro de téléphone)* ______________________

FIKAMBANANA

**Klioba hidirako :** *(Club auquel je m'inscris)*
☐ Mpisantatra *(Aventurier)* ☐ Mpisavalalana *(Explorateur)* ☐ Ambasadaoro *(Ambassadeur)* ☐ Zoky *(Jeune Adulte)*

**Mari-pandrosoana :** *(Grade)* ______________ **Taona nahazoana azy :** *(Année d'obtention)* ______________

**Vita voady :** *(Promesse JA)* ☐ ENY *(Oui)* ☐ TSIA *(Non)* **Datin'ny voady :** *(Date)* ____ / ____ / ____

**Vita batisa :** *(Baptême)* ☐ ENY *(Oui)* ☐ TSIA *(Non)* **Datin'ny batisa :** *(Date du baptême)* ____ / ____ / ____

**Fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy :** *(Don Spirituel)* ______________________

*J.A*

OFANA & ASA

## HO AN'NY TANORA ZOKINY

*(A remplir pour les JAS)*

| Taona *(Année)* | Ofana na Andraikitra *(Formation ou Resposabilité JA)* | Toerana na Fiangonana *(Lieu de formation ou Eglise)* |
|---|---|---|
| | | |
| | | |
| | | |
| | | |

*Formations & Rôles*

FANGATAHANA

Ray aman-dreny na mpiantoka *(Parents ou tuteur légale < 18 ans)*

Manaiky izahay ny hidiran'ny zanakay (taizanay) amin'ny fikambanana, ary hanohana sy hanampy ireo mpitarika amin'ny fanabeazana.

NY TENAKO *(Moi même)*

Mangataka aho ny hisoratra anarana ho isan'ny mpikambana Tanora Advantista maneran-tany amin'ity taona ______ity.

*Demande*

# #Lisitra tambatra
## #Fiche récapitulative



**Fiangonana** : ____________________________________ **Federasiona :** ________________________________________

**Distrika** : ______________________________________ **Pejy** : ______/______

**Klioba** ◯ *Mpisantatra (4-9 taona)* ◯ *Mpisavalalana (10-15 taona)* ◯ *Ambasadaoro (16-21 taona)* ◯ *Zoky (+22 taona)*

| Lah | Anarana sy Fanampiny | Taona | Lah. Finday | Asa na kilasy | Daty voady | Mari-pandrosoana | Daty batisa | Fanamarihana |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |

***Fanamarihana :***

1- Taratasy iray (01) isaky ny klioba
2- Azo tohizana amin'ny taratasy hafa ny klioba raha tsy antonona iray (01) pejy.

- *Farany, tena mora mifindra ny habokana.* Ny fahotana, tahaka ny habokana, dia mifindra amin'ny zava-drehetra. Tsy ny olona izay nanota irery ihany no mizaka ny vokatry ny ota nataony, fa ny olona izay manodidina azy ihany koa.

Ny zavatra miavaka indrindra teo amin'ny fihaonan'i Jesôsy sy ity boka ity, dia tsy ny toe-javatra mafy nisy an'ilay lehilahy, na ny faharavana naterak'ilay aretina teo amin'ny vatany; fa ny fahagagana mahatalanjona izay nataon'i Jesôsy teo aminy. Hoy i Marka *"Ary Jesosy dia onena azy ka naninjitra ny tànany, dia nanendry azy ka nanao taminy hoe: Mety Aho; madiova ianao. Ary niaraka tamin'izay dia niala taminy ny habokany, ka dia nadio izy."* - Mar. 1:41,42

Hoy kosa i Ellen White hoe:

> *"Avy hatrany dia nisy fiovana nanerana ny tenan'ilay boka. Nanjary salama izy, nitambelona ny hozatra, vory ny nofony. Afaka ilay hoditra maraorao sy marokoroko vokatry ny habokana, ka hoditra velon-drà, malefaka tahaka ny an' ny zazakely salama, no nisolo toerana izany. "*

Naverin'i Jesôsy tamin'ity lehilahy ity ny fahasalamany ara-batana, ary koa ny fahasalamany ara-panahy. Mamelà ahy hilaza aminareo izay zavatra hitako rehefa nanao fandinihana teo ampanomanana ity toriteny ity ny tenako. Tamin'ny fanasitranana ireo aretina hafa izay nataon'i Jesôsy, ny mpanoratra ny filazantsara dia nampiasa matetika ny matoanteny grika **iaomai**, izay midika hoe "manasitrana", saingy tao amin'ny fahagagan'ny fanasitranana ity boka ity dia matoanteny grika miavaka mihitsy no nampiasaina. Fantatrao ve hoe inona? Ny matoanteny grika ***katharizo*** izany, izay azo adika hoe "manadio". Ity matoanteny ity dia ampiasaina ao amin'ny Testamenta Vaovao, tsy vitan'ny hoe hilazana ny fahadiovana sy fanadiovana ara-batana ihany, fa ny "ara-pivavahana sy ara-pitondran-tena" ihany koa, "amin'ny dikany hoe madio, tsy misy pentina sy fahamelohana." Raha fintinina dia rehefa nanasitrana ilay boka i Jesôsy, dia nomeny azy ny tombontsoa rehetra azon'ny olona feno fahasalamana; naverina tamin'ny laoniny izy, tsy ara-piaraha-monina fotsiny ihany, fa ara-pivavahana ihany koa.

Ry tanora malala, raha misy ny zavatra mazava indrindra ao anatin'ity fahagagana ity dia ny Tenin'Andriamanitra no hany fanafody manasitrana amin'ny habokan'ny fahotana. Misy ny sasany izay mino fa ny zavatra nitondra fanasitranana ho an'ilay boka dia ny "fanendren'i Jesôsy" azy, kanefa ny mpitory ny filazantsara dia milaza mazava tsara fa ny tenin'i Jesôsy no nitondra fanasitranana ho an'ilay boka. Tamin'ny alalan'ny fanendreny azy—araka izay aseho ao amin'ny andininy ao amin'ny Baiboly—no nanehoan'i Jesôsy ny fahasoavany tamin'ilay boka, saingy ny Teniny no niteraka

ilay fahasitranana mahagaga.

Ry sakaiza malala, ny Tenin'Andriamanitra dia manana ny hery mitondra fanasitranana ao amin'ny fiainantsika. Ny Tenin'Andriamanitra dia:

"Manolotra fiainana, manome finoana, mampisy fiovana, mampandositra ny devoly, manatanteraka fahagagana, manasitrana ny fery, mamolavola ny toetra, manova ny toe-javatra, mitondra fifaliana, mamaha ny olana sarotra, mandresy ny fakam-panahy, manainga ny fanantenana, mampivoaka ny hery anaty, manadio ny saintsika, mahatonga ny zavatra hisy ary manome antoka ny amin'ny hoavintsika. " [3]

Inona no nitranga tamin'ilay boka taorian'ny nanasitranana azy? Nanomboka nitory izay zavatra nataon'i Jesôsy teo amin'ny fiainany izy:

*"Nefa lasa ralehilahy ka nilazalaza sy nampiely izany zavatra izany, ka dia tsy nahazo niditra miharihary tao an-tanàna intsony i Jesôsy; fa nitoetra tany ivelany tamin'ny tany foana Izy, dia nanatona Azy ny olona avy eny tontolo eny"* - Mar. 1:45.

Isaorana anie ny anaran'i Jehovah! Izy ilay nositranina tamin'ny habokana dia lasa misiônera. N'aiza n'aiza toerana nalehany dia naverimberina hatrany fa nositranin'i Jesôsy izy. Lehibe loatra ny hafaliany ka tsy afaka ny hangina izy.

## FAMARANANA

Rehefa miaina ny herin'ny fanasitranana avy amin'i Jesôsy isika dia tsy afaka ny hangina. Ny fahotana no valan'aretina mahafaty indrindra, saingy ny tenin'Andriamanitra no fanafody manasitrana amin'ny fahotana. ***Rehefa misy olona iray nositranina tamin'ny habokana ara-panahy, dia holazainy amin'ny hafa ny fahagagana nataon'i Jehôvah.***

Kanefa mbola misy zavatra mihoatra noho izany. Izaho sy ianao dia antsoina ihany koa mba haneho ny fahasoavana sy fitiavana amin'ireo izay boka ara-panahy. Vao tsy ela izay dia naheno ny tantaran'i Jose Damian, izay tanora misiônera avy any Beljika, teraka tamin'ny taona 1840 aho. Indray andro dia nahare izy fa nisy boka an-jatony tao amin'ny nosy mahafinaritra iray tao Hawaii. "Noana mafy avokoa izy rehetra, sady manao akanjo rovidrovitra ary nilaozan'ny fiarahamonina," hoy ireo mpitarika ny fiangonana taminy. "Tokony handefa olona isika hitondra ny fanantenan'i Kristy amin'izy ireo."

Nanolo-tena ho misiônera mpilatsaka an-tsitrapo i Jose Damian.

[3] Rick Warren. Una vida con propósito (Miami, FL: Editorial Vida, 2003). p. 201.

Rehefa tonga tao amin'ny nosy antsoina hoe Molokai izy, ary nahita ny toe-javatra niainan'ireo boka, sy ny tarehiny ary ny tanany sy tongony izay efa simbasimba, dia tsy zakany ny nijery azy ireo ka nitodika izy. Lasa izy nitoka-monina tao anaty trano hazo kely iray; ary izy ihany no nikarakara ny sakafony, sy nanasa ny lambany ary nanao ny raharahany rehetra. Naharikoriko azy ny nahita ny toe-javatra mahatsiravina nisy an'ireo boka, ary ho fanampin'izany dia tsy tiany hifindra any aminy ilay habokana. Noho izany dia norarány ireo mba tsy hanatona akaiky ny tranony, fa ny hany nataony dia ny mandeha any amin'ny trano fiangonana kely, mitory teny, avy eo miverina avy hatrany any antranony izy.

Indray andro dia tonga saina i Jose fa tsy nisy vokany akory ny teny izay lazainy ary tsy ampy ny toriteny izay nataony. Tsapany fa ny fitiavan'i Kristy dia tokony aseho amin'ny alalan'ny fihetsika fa tsy teny fotsiny ihany. Taorian'izay dia nanapa-kevitra ny hifangaro amin'ireo boka izy, sady nanampy azy ireo hanangana ny tranony manokana, sy nandavaka lava-drano mba hahazoan'izy ireo rano betsaka; ary koa nanome akanjo sy sakafo ho azy ireo ary nanasa sy namehy ny ratrany. Eny tokoa, lasa naman'izy ireo tanteraka i Jose, saingy vokatr'izany dia maty boka izy. Kanefa, talohan'ny nahafatesany, dia nahazo fifaliana izy raha nahita fa nandray an'i Jesôsy avokoa ireo olona rehetra tao amin'io toerana io.

Rehefa miaina ny fahagagan'ny fanasitranana avy amin'ny Tenin'Andriamanitra koa isika, dia hiteny tahaka ilay boka teo aloha hoe: "Tompo ô, handeha aho."

## FANONTANIANA HOSAINTSAININA

1. *Ahoana ny fiheveran'ny olona ny habokana tamin'ny andron'i Jesôsy?*
2. *Inona no tokony hatao amin'ireo izay voan'ny habokana?*
3. *Tandindon'ny inona ny habokana?*
4. *Inona no tokony hataon'ireo izay niaina ny herin'ny fanasitranana avy amin'ny Tenin'Andriamanitra?*

# 5

# TOMPO Ô, HANDEHA AHO AVELAO NY HELOKO



## FAMPIDIRANA

Fotoana maro lasa izay, dia namaky tantaran'ny raim-pianakaviana espaniôla iray nanapa-kevitra ny hihavana tamin-janany lahy, izay nifindra ho any Madrid aho. Tamim-panenenana tanteraka no nametrahan'ilay raim-pianakaviana ity hafatra ity tao amin'ilay taratasy: "Paco, miandry anao ao amin'ny Montana Hotel aho ny Talata atoandro izao. Efa voavela avokoa ny zavatra rehetra. Dada." Anarana mahazatra any Espaina moa ilay hoe Paco, ary rehefa tonga tao amin'ilay hotely ilay raim-pianakaviana, dia nahita tanora valonjato nitondra ny anarana hoe Paco, ary samy niandry an-drainy avokoa izy ireo.

Marina tokoa, tena mila famelan-keloka ny olona. Mpitoriteny lehibe sady mpanoratra iray no nanoratra teny vitsivitsy izay tena maneho tokoa ny hetaheta lalin'Andriamanitra te hamela heloka ny zanany:

”Raha fahalalana no tena nilaintsika indrindra, dia ho nandefa mpanabe ho antsika Andriamanitra. Raha toa teknôlôjia no tena nilaintsika, dia ho nandefa siantifika ho antsika Andriamanitra. Raha toa vola no tena nilaintsika, dia ho nandefa mpahay toe-karena ho antsika Andriamanitra. Raha ny fialam-boly sy ny fihomehezana no tena nilaintsika, dia ho nandefa mpanao hatsikana ho antsika Andriamanitra. Fa ny tena ilaintsika dia ny famelan-keloka, “noho izany dia Mpamonjy no nalefan’Andriamanitra ho antsika" [4]

## FAMELABELARANA

Ny  Jao. 8, dia mitantara toe-javatra iray izay nitranga rehefa nampianatra teo an-tokotanin’ny tempolin’i Jerosalema i Jesôsy. Tampoka teo, dia nisy vehivavy tratra nijangajanga, izay naronjony ho eo an-tongotr’i Jesôsy. Ireo mpitari-pivavahana tao amin’ny tempolin’i Jerosalema no anisan’ny nanosika an’ity mpivarotena ity teo an-tongotr’i Jesôsy. Nangataka ireo mpitarika ireo ny mba hanononan’i Jesôsy didim-pitsarana momba an’ity vehivavy ity araka izay lazain’ny lalàn’i Mosesy. "Ao amin’ny lalàn’i Mosesy" hoy ny mpanora-dalàna sy ny fariseo, *"dia mamporisika antsika fa hotoraham-bato izay vehivavy manao toy izao. Ankehitriny inona no holazainao?. Fa ahoana kosa hoy Hianao?”* - Jao.  8:5

Ellen White, rehefa mamakafaka io tantara io dia nanoratra fa:

> *“Nanarona velam-pandrika lalin-toerana hamono Azy ny fanajana nihamboany. Noraisiny io fotoana mety io mba hahazoany antoka ny fanamelohana Azy, ka noheverin’izy ireo fa na inona na inona fanapahan-kevitra horaisiny, dia ahitany izay hiampangana Azy. Raha nanafaka an-dravehivavy Izy, dia hampangainy ho manao tsinontsinona ny lalàn’i Mosesy. Raha milaza Izy fa mendrika ny hohelohina ho faty ravehivavy, dia ho azo ampangaina amin’ ny Romana Izy amin’ ny maha-olona miandraikitra fahefana izay an’ny Romana samirery... ”* [5]

Niandry izay holazain’i Jesôsy izay rehetra nanatrika teo. Nefa, akory ny hagagan’izy ireo, fa nanomboka niondrika i Jesôsy ary nanoratra teo amin’ny tany tamin’ny rantsan-tanany. Azo antoka fa tsy nisy nahalala izay tena nosoratany teo ny rehetra. Tezitra noho izany ireo mpanora-dalàna sy fariseo ireo noho ny tsy namalian’i Jesôsy ny fanontanian’izy ireo. Ary rehefa nanery Azy indray izy ireo, dia nitsangana i Jesôsy ary hoy Izy, *"Izay tsy*

[4] Charles R. Swindoll. More than 1001 illustrations and quotes from Swindoll (Nashville, Tennessee: Nelson Group, 2007). p. 345.
[5] Ellen White. Ilay Fitiavana Mandresy. p. 494.

*nanota eo aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany."* - Jao. 8:7. Niverina nanoratra teo amin'ny tany indray ny Mpampianatra, ary ny hafatra nosoratany teo amin'ny tany dia nisy fiantraikany tamin'ireo mpiampanga ilay vehivavy; niala tsirairay izy ireo.

Ary rehefa nitsangana indray i Jesôsy, ary nijery nanodidina, tsy teo intsony ireo mpiampanga. Nitodika teo amin'ilay vehivavy Izy, ka nanao hoe, *"Ravehivavy, aiza ireny? Tsy nisy nanameloka anao va?"* Teo anatrehan'ny vahoaka betsaka, dia namaly tamin-kenatra be ravehivavy hoe, *"Tsy misy tompoko." Dia nijery azy i Jesôsy ka nanao hoe, "Izaho koa dia tsy manameloka anao; mandehana, ary amin'izao sisa izao dia aza manota intsony"* - Jao. 8:10,11.

Manana hafa-panantenana ho antsika tsirairay izany tantara mahafinaritra izany. Mazava fa hitantsika ny fomba namelan'i Jesôsy sy ny namerenany tamin'ny laoniny ny fiainan'ity vehivavy izay tratra nijangajanga ity. Tamin'ny alalan'ilay teny hoe *"Izaho koa dia tsy manameloka anao; mandehana, ary amin'izao sisa izao dia aza manota intsony"* dia nanolotra fiaingana vaovao ho an-dravehivavy i Jesôsy, tombontsoan'ny famelan-keloka, mba hanombohany fiainam-baovao ao anaty fahadiovana sy fahamasinana.

Amin'ny lafiny hafa, ilay nataon'i Jesôsy, nanoratra "tamin'ny ratsan-tanany teo amin'ny tany" – Jao. 8:6 ihany koa dia misy leson'ny fahasoavana sy famindram-po ho antsika ihany koa. Mahaliana tokoa ny manamarika fa Andriamanitra dia nanoratra tamin'ny tanany tamin'ny tranga indroa nialoha io, teo amin'ny vato fisaka (Eks. 31:18) sy teo amin'ny rindrina (Dan. 5:5). Teo amin'ny vato fisaka no nanoratan'Andriamanitra ny lalàny izay mandrakizay; ary teo amin'ny rindrina no nanoratany ny didim-pitsaran'ny fahafatesana ho an'ilay mpanjaka lozabe antsoina hoe Belsazara.

Azontsika tsoahina amin'izany fa Andriamanitra dia manoratra eo amin'ny vato ny zavatra izay tiany ho tsarovantsika mandrakizay, izay maharitra mandrakizay sy tsy azo hihodivirana. Avy eo dia manontany ny tenantsika isika, inona ary no nosoratan'Andriamanitra teo amin'ny tany? Azontsika heverina fa teo amin'ny tany no nanoratany ny zavatra izay tiany hofafana, fa na inona na inona no voasoratra eo amin'ny tany, dia azon'ny rivotra, ny orana ary ny fotoana hofafana mandrakizay.

Ny fanoratan'i Jesôsy teo amin'ny tany tamin'ny rantsan-tanany dia maneho tamin'ireo mpiampanga an'ilay vehivavy izay tao anatin'ny henatra, fa ho azy ireo ihany koa ny famelan-keloka, ny famerenana amin'ny laoniny ary ny fiaingana vaovao. Indray mandeha dia naheno tantara momba ny pasitora iray aho[6] izay nahavita ota

[6] Nalaina tao amin'ny boky "More stories in refreshing waters" (Miami, FL: UNILIT Publishing House, 1999). tt. 228-229 nosoratan'i Alice Gray ity tantara ity.

goavana araka ny fahatsapany amin'ny maha mbola tovolahy azy, ary na dia efa nangataka famelan-keloka tamin'Andriamanitra aza izy, dia nentiny niaraka taminy nandritra ny androm-piainany ny vesatry ny otany.

Indray andro dia nisy nilaza taminy momba ny vaviantitra iray izay nahita fahitana. Henony fa nandritra ireo fahitana ireo dia nifampiresaka matetika tamin'Andriamanitra izy. Fotoana fohy taty aoriana, dia nanangona ny heriny ilay pasitora ka nanatona an'ilay vehivavy.

Nampandrosoin'ilay vehivavy izy ka notolorany dite iray kaopy. Teny am-pamaranana ilay fitsidihana, dia napetrany teo amin'ny latabatra ilay kaopy ary nibanjina ilay vehivavy teo amin'ny masony izy.

"Marina ve fa mahita fahitana ianao indraindray?" hoy izy nanontany.

"Eny," hoy ny navaliny.

"Marina ve fa mandritra ireo fahitana ireo dia matetika ianao no miresaka amin'Andrimanitra?

"Eny," hoy hatrany izy.

"Eny àry..., amin'ny fotoana manaraka hahitanao fahitana ka hiresahanao amin'Andriamanitra, mety afaka ny hanontany zavatra Aminy ho ahy ve ianao?"

Nijery an'ilay Pastora ilay vehivavy ary liana dia liana tokoa. Mbola tsy nisy nanontany azy zavatra toy izany teo aloha:

"Eny, tena mahafaly ahy tokoa izany," hoy ny navaliny. "Inona no zavatra tianao hanontaniako Azy?"

"Azonao atao ve ny manontany Azy hoe inona ny ota nataon'ity Pasitoranao ity tamin'ny fahatanorany?" hoy ilay pasitora.

Tena liana hatrany ravehivavy kanefa nanaiky.

Herinandro vitsy taty aoriana dia niverina namangy ilay ramatoa indray ilay Pasitora. Rehefa avy nisotro dite indray izy dia tamim-pahalianana sy tamim-pahamenarana tanteraka no nanontaniany hoe:

"Efa nahita fahitana indray ve ianao"?

"Eny, efa nahita aho," hoy ny navalin'ilay ramatoa.

"Niresaka tamin'Andriamanitra ve ianao?"

"Eny.”

"Nanontanianao Azy ve ny ota izay nataoko tamin’ny fahatanorako?”

"Eny," hoy ilay ramatoa, "efa nataoko.”

Sady natahotra no niambavakavaka ilay pasitora, nihazohazo nandritra ny fotoana vitsy, ary nanohy ny fanontaniany:

"Eny àry, inona no nolazain’Andriamanitra taminao?”

Dia nibanjina an’ilay pasitora ilay vaviantitra ka namaly azy tamim-pahatsorana:

"Niteny tamiko Andriamanitra hoe tena tsy tsaroako.”

Mamela tanteraka Andriamanitra. Rehefa nanoratra ny amin’ny famindram-pon’Andriamanitra ny mpaminany Mika dia nanontany tena:

*«Iza no Andriamanitra tahaka Anao, Izay mamela heloka Sady mandalo ny fahadisoan'ny sisa amin'ny lovany? Tsy mitana ny fahatezerany ho mandrakizay Izy, Fa tia famindram-po. Hamindra fo amintsika indray Izy Ka hanitsakitsaka ny fahotantsika, Eny, harianao ho any amin'ny ranomasina lalina ny fahotany rehetra»* - Mika 7:18,19.

Tiako ny milaza aminao fa ilay Jesôsy izay nampaharitra ny famindram-pony tamin’ity Pasitora izay nenjehin’eritreritra ity sy tamin’ilay vehivavy nalaim-baraka, no mbola miteny aminao ihany koa anio ary, *"Izaho koa dia tsy manameloka anao; mandehana, ary amin'izao sisa izao dia aza manota intsony"*. Azonao raisina amin’izao fotoana izao ny famindram-pon’Andriamanitra. Anio dia manasa anao amin’izao teny izao ny Tompo: *"Avia ary hifandahatra isika". “Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo, Dia ho fotsy tahaka ny oram-panala, Na dia mangatrakatraka tahaka ny sily aza, Dia ho tahaka ny volon'ondry fotsy"* – Isa. 1:18.

## FAMARANANA

Inona no niafaran’ilay vehivavy tao amin’ny tantarantsika teo? Mbola niverina tamin’ny fiainam-pahotany ve izy? Mamelà ahy hizara aminao ny nolazain’i Ellen G. White momba azy:

*”Io vehivavy voaheloka io dia tonga iray tamin’ireo naman’i Jesôsy izay nahajoro indrindra. Noefainy tamin’ny fanoloran-tenam-pitiavana sy ny fanompoana ny famelan-keloka sy fangorahana nomeny azy. Ary rehefa nahita ny fahoriana sy ny fanaintainana lalina niainan’ny Tompo teo amin’ny endriny teo an-tongotry ny hazofijaliana izy, rehefa nahare ny fitomaniany nangidy indrindra, dia voatsindrona ny fanahiny; satria fantany fa vokatry ny ota izao fanatitra izao; ary ny fahatsapany tena lalina fa anisan’ireo izay voaheloka sy nandray anjara amin’izao fahorian’ny zanak’Andriamanitra izao ihany koa ny tenany, dia tena navesatra tokoa taminy. Tsapany ireo lefona nanindrona ny Mpamonjy; ny rà izay nijininika avy ao amin’ireo fery dia namafa tanteraka ny fahatsiarovana ny fahotany; ireo taraina izay nipolololotra teo amin’ny molony izay efa toy ny ho faty dia vokatry ny fahotany. Navesatry ny alahelo izay tsy hay nolazaina intsony ny fony, ary tsapany fa, ny fiainana feno fandavan-tena ho fanadiovana ny tena dia tsy hahavaly na oviana na oviana ny fanomezana ny fiainana, novidina ho azy tamin’ny vidiny izay tena tsy voafetra.”* [7]

Hitantsika fa rehefa voavela heloka, dia tena niaina fiovana vaovao teo amin’ny fiainany ity vehivavy ity. Ny fankasitrahany an’i Jesôsy tamin’izany, dia nahatonga azy hifidy ny ho mpanara-dia Azy, sy ho iray amin’ireo izay tena nahatoky tamin’izany. Fa ny zavatra izay tsy tokony hamaivanintsika dia ny nanarahany an’i Jesôsy teny amin’ny hazofijaliana. Rehefa nandao an’i Jesôsy ny ankamaroan’ny olona, dia tamim-pahasahiana no nijoroany ho vavolombelon’ny finoany!

Ity vehivavy ity nahazo famelan-keloka tamin’iny andro iny, dia lasa mpanara-dia mahatoky ny Tompo! Tsy nijanona teo amin’ny toerana nahitany (nahitan’i Jesôsy) azy izy. Nisafidy ny hiaina fiainana feno fanoloran-tena ho an’Andriamanitra izy! Nisafidy ny hamela ny zavatra rehetra izy, hamela ny zavatra rehetra any aoriana ka andeha eo amin’ny lalan’ny fahamarinana sy ny fahadiovana.

Rehefa nanandrana ny famelan-keloka isika dia maniry ny hamela ny zavatra rehetra ho an'ny Tompo, kanefa ambonin'izany rehetra izany dia tsy afaka ny hangina isika. Tahaka io vehivavy io, hilaozanao ihany koa ny zavatra rehetra ary hanaraka an'i Jesôsy hianao ka hilaza hoe, " Tompo ô, Handeha aho."

[7] Ellen White. The Spirit of Prophecy, vol. 2. p. 352



# 6

# TOMPO Ô, HANDEHA AHO TARIHO AHO

## FAMPIDIRANA

Fantatrao ve fa anisan'ireo boky tena mahaliana indrindra ao amin'ny Baiboly ny bokin'i Jônà? Nahasarika ny fahalianan'ireo ankizy tokoa ny bokin'i Jônà; toy izany ihany koa ny tanora sy ny lehibe. Ity boky ity izay voasokajy ho isan'ireo mpaminany madinika, dia nahavitana hira, tantara, kisarisary, horonan-tsary ary tantara an-tsehatra.

Na dia voalaza aza fa anisan'ireo boky feno andalan-teny malaza ao amin'ny Soratra Masina izy io, dia betsaka ihany koa ny tsikera momba azy. Ohatra, betsaka ny manontany momba ny tantaran'i Jônà, ka milaza hoe "sarotra ho an'ny olombelona ny ho velona mandritra ny roa amby fitopolo ora ao anatin'ny hazan-drano lehibe iray. Tsy mitombina ara-tsiansa izany!"

Ireo tsy mpino dia manaraby ny tantaran'i Jônà, satria sarotra ho azy ireo na dia ny hino izany aza. Ho an'ny mpino kosa dia tsy izany

no miseho. Nahoana hoy ianao mety manontany? Satria isika dia mino an'ilay Andriamanitry ny fahagagana. Mino an'ilay Andriamanitra nanasaraka ny ranomasina mena ho roa isika, mba hahatonga ny vahoakany handeha teo amin'ny tany maina! Eny, mino ilay Andriamanitry ny fahagagana isika. Ary fantatrao ve? Izy ihany koa no Andriamanitra izay nanome antsika ny bokin'i Jônà; ary izany no Andriamanitra tiako ambara aminao: Andriamanitra Mahery, Tompon'ny fahefana, Manankarem-pahasoavana, Mpamela heloka, izay efa nanome sy mbola vonona ny hanome fahafahana ho an'ireo izay mitodika aminy amin'ny fibebahana.

## FAMELABELARANA

Miantomboka amin'ny baiko nomen'Andriamanitra ilay mpaminany ny bokin'i Jônà. "Ary tonga tamin'i Jônà, zanak'i Amitahy, ny tenin'i Jehovah nanao hoe: *"Mitsangàna, mankanesa any Ninive, ilay tanàna lehibe, ary miantsoa ny amin'ny hamelezana azy, fa tafakatra eto anatrehako ny faharatsiany"* - Jônà 1:1,2.

Aleo atombotsika amin'ny fanontaniana: taiza no nanirahana an'i Jônà? Nirahina ho ao amin'ny tananan'i Ninive ity mpaminany ity. Efa naheno ny momba izany tanàna izany ve ianao teo aloha? Araka ny hita ao amin'ny bokin'ny Gen. 10:8-11, Ninive dia isan'ireo tanan-dehibe Asiriana, izay naorin'ny olona iray atao hoe Nimroda, izay faritan'ny Baiboly ho *"mpihaza mahery teo anatrehan'i Jehovah"* (Gen. 10:9). Ny Asiriana dia nanompo andriamanitra sampy. Niankohoka tamin'ny masoandro, ny volana ary ny kintana izy ireo. Noho izany, dia nanompo sampy tahaka ny tanàn-dehibe hafa ihany koa i Ninive.

Ankoatra izany, dia nolazaina fa i Ninive dia ***"tanàna mpandatsa-drà"*** (Nah. 3:1). Tena manaitra tokoa fa anisan'ireo fanamarihana tsindrian'ny Baiboly fa anisan'ny nampiavaka an'i Ninive ny toetra feno herisetra nananan'ireo mponina tao. Nahery setra nanao ahoana ireo ninivita ireo? Ao anatin'ny tahirin-tsoratra iray nosoratan'ny mpanjakan'i Ninive, dia nolazainy ny halehiben'ny herisetrany sy ny maha tsy mifaditrovana azy:

> Nanao manda aho ary voarakotra amin'ny hoditr'ireo izay nitsangana nanohitra ahy, ary ny andry dia norakofako tamin'ny hoditr'izy ireo. Ny sasany tamin'ireo dia ***Nogadraiko tao anatin'ireo andry***, ny sasany dia nahantoko

teo amin'ny andry tamin'ny alalan'ny tsatoka, ary ny sasany dia nafatotro niaraka tamin'ny tsatoka nanodidina ny andry. Ary ***notapahiko ny rantsan'ireo*** tandapa izay nikomy tamiko. ***Maro tamin'ireo babo no nodorako tamin'ny afo*** ary maro tamin'ireo no nentiko ho takalon'aina. ***Maro tamin'izy ireo no notapahiko ny orony, ny sofiny ary ny ratsan-tanany; ary betsaka no nesoriko ny masony.*** Nanao antontan'olona velona aho ary sasany notapahin-doha, ary nofatorako teo amin'ny vatan-kazo nanerana ny tanàna ny lohan'izy ireo. Nodorako tamin'ny afo ny zatovolahin'izy ireo, ireo lahiantitra ary ireo vehivavy." [8]

Ny mpanjakan'i Ninive araka izany dia: lian-drà, loza be, nahery setra. Ankoatra izany dia feno fitotonganana ara-môraly sy fahadalana ny tanàna. Mariho fa ao amin'ny Jônà 1:2, Andriamanitra dia nilaza fa tafakatra teo anatrehany ny faharatsian'i Ninive. Mahaliana izany. Io fomba fiteny io ihany koa no nampiasain'Andriamanitra rehefa nilaza ny momba ny faharatsiam-pitondran-tenan'ireo vahoaka tao amin'ny tanànan'i Sôdôma sy Gômôra Izy (Gen. 18:21; 19:13).

Azontsika fintinina, araka izany, fa i Ninive dia tanànan'ny sampy, ny herisetra, ny fahavetavetana. Ireo mponina tao, araka ny Jônà 4:11, dia tsy nanana fahaiza-manavaka ara-moraly. Na izany aza, dia nandefa mpitondra hafatra mba hitory tamin'ity tanàna izay niainan'ny fikomiana ity ny hafa-pamonjena Andriamanitra. Ity tanàna mpanompo sampy, mahery setra ary vetaveta ity dia nomen'Andriamanitra fahafahana manao fiaingana vaovao indray.

Marina izany, ry mpihaino hajaina, ny Andriamanitsika dia Andriamanitra manome tombontsoa be dia be. Ao amin'ny bokin'ny mpaminany Ezek. 33:11, dia ahita ny iray amin'ireo teny mampihetsi-po avy amin'Andriamanitra: *"Lazao aminy hoe: Raha velona koa Aho, hoy Jehovah Tompo, dia tsy sitrako ny hahafatesan'ny ratsy fanahy, fa ny hialan'ny ratsy fanahy amin'ny lalany, mba ho velona izy. Mialà, mialà amin'ny lalan-dratsinareo, fa nahoana moa no teho faty ianareo, ry taranak'Isiraely ?"*

Manome anjara vaovao ho an'ireo izay mitovy amin'ny mponina tao Ninive Andriamanitra, izay miaina ao anatin'ny ota sy ny faharatsiana. Manome anjara vaovao ho an'ireo nahavery ny fahendrena ara-môralin'izy ireo Andriamanitra. Manome izany Andriamanitra satria ny tanjony dia ny hahatonga *"ny olona rehetra hovonjena ka ho tonga amin'ny fahalalana ny marina."* - 1 Tim. 2:4.

'Ndeha hiverenantsika ny bokin'i Jônà, ary mamelà ahy hametrapanontaniana aminareo: inona no nataon'i Jônà rehefa nasaina

[8] Quoted by Jo Ann Davidson. Jonah: The book seen from the inside (Buenos Aires, Argentina: Association Casa Editora Sudamericana, 2003). p. 44.

ho any Ninive izy? Nahavita ny baiko nomen'Andriamanitra ve izy? Satriko tokoa ny hamaly izany hoe eny, nefa mampalahelo fa ny Baiboly dia milaza fa i Jônà, ilay mpaminany, dia nandà ny andraikitra napetraka taminy. Manasa anao hamaky ny Jônà 1:3 miaraka amiko, ary andeha hojerentsika ny zavatra nataon'ity mpaminany ity:

> *Nefa Jona nitsangana handositra ho any Tarsisy mba hiala eo anatrehan'i Jehovah; ary nidina tany Jopa izy ka nahita sambo hankany Tarsisy, dia nandoa ny karamany ka niondrana taminy hiara-mandeha tamin'ny tao ho any Tarsisy hiala eo anatrehan'i Jehovah.*

Nitsoaka nankaiza i Jônà? Nankany Tarsisy izy. Araka ny hevitr'ireo mpandinika, i Ninive dia 800 kilômetatra any atsinanan'ny toerana nonenan'i Jônà. Fa i Tarsisy kosa dia maherin'ny valon-jato sy efatra arivo kilometatra (3000 maily) any andrefana. Azonao inoana ve izany? Nitsoaka tanteraka ny andraikiny ity mpaminanin'Andriamanitra ity. Lalan-kafa mihitsy no nalehany! Tany atsinanana no nanirahan'Andriamanitra azy, fa nitodi-doha nankany andrefana izy!

Tsy niamboho ny andraikiny ihany i Jônà, fa voalaza ihany koa fa ***tsy niraharaha ilay toe-javatra nisy izy***. Voalazan'ny tantara fa nisy rivotra mahery teny ambony ranomasina izay nila hahavaky ny sambo (Jônà 1:4) rehefa teny an-dalana ho any Tarsisy i Jônà. Tena nahery tokoa ilay rivotra ka nahatonga an'ilay kapiteny, izay tena raiki-tahotra tokoa, nanary ny entana rehetra tany anaty ranomasina ary nanomboka niantsoantso ireo andriamanitr'izy ireo (Jônà 1:5). Inona no nataon'i Jônà nanoloana izany tranga izany? Somary nahavariana ihany, fa i Jônà kosa dia ***"nandry sy renoky ny torimaso"*** (Jônà 1:5). Azonao ve izany zava-miseho izany? Ahoana no hahafahany ho renoka manoloana rivo-doza? Tsy hoe nitsoaka ny andraikiny ihany i Jônà, fa ankehitriny dia tsy miraharaha izay manodidina azy intsony izy. Tsy mampalahelo ve izany?

Ary tamin'izany no nanipazana ilay mpaminany tany anaty ranomasina ka natelin'ny hazandrano lehibe (Jônà 1:15-17). Tsara homarihintsika fa ity hazandrano lehibe izay nitelina an'i Jônà ity dia Andriamanitra mihitsy no efa nanomana azy. Nefa, inona ny antony nahatonga an'Andriamanitra hanomana izany trondro izany? Maty tao anatin'ny kibon'ilay hazandrano ve ilay mpaminany? TSIA! Ilay hazandrano dia nanjary fitaovana nampiasain'Andriamanitra hamerenana an'i Jônà tamin'ny antony niantsoana azy. Nahagaga fa taiza no naloan'ity trondro ity i Jônà;

taiza? Izay indrindra, tsy taiza fa teo amin'ny morontsirak'i Ninive (Jônà 2:10). Ary teo no niresahan'Andriamanitra tamin'i Jônà indray. Mariho izay voalazan'ny Baiboly eo amin'ny 3:1,2.

Ny Soratra Masina dia manondro an'Andriamanitra ho niresaka fanindroany tamin'i Jônà. Mino aho fa tian'Andriamanitra izaho sy ianao mba hahatakatra fa Izy dia manome anjara fotoana fanindroany *(seconde chance)* ho an'ireo mpino izay nandà ny andraikiny tamim-pikomiana sy tsi-firaharahana. Manome anjara fotoana fanindroany ho anao Andriamanitra, ry rahalahy sy anabavy malala, izay minia tsy miraharaha ny krizy izay mahazo antsika ankehitriny. Manome anjara fotoana fanindroany ho anao Andriamanitra anio, ry tanora malala, izay nitsoaka hatrany ny antson'Andriamanitra. Eny, Andriamanitra dia manome anjara fotoana fanindroany ho anao; izay tahaka an'i Jônà, tsy nahavita ny anton'ny niantsoany anao.

## FAMARANANA

Mampahery ny maheno fa ilay Andriamanitra, dia Andriamanitra izay manome tombontsoa betsaka. Mahavelom-panantenana tokoa ny mahafantatra fa Andriamanitra dia manolotra anjara fotoana fanindroany, tsy ho an'ireo izay miaina ao anatin'ny ota ihany, fa ho an'ireo mpino izay nitsoaka ny andraikitr'izy ireo hatramin'izay ihany koa. Efa ela aho no namaky ny tantaran'ny tanora iray izay nilalao baolina tao amin'ny Oniversiten'i Kalifornia. Nandritra ny lalao iray izay natao, dia nahazo baolina ity tanora ity, nanjary toa niasa saina izy ka nankany amin'ny lalana tsy tokony nalehany (niverina). Nosakanan'ny namany izy nialoha ny namonoany ny baolina tao amin'ny ekipany ihany. Teo amin'ny fotoana fialan-tsasatra, dia niverina tany amin'ny efitra nisy azy ireo ny mpilalao ka nipetraka, ary samy nisaintsaina izay holazain'ny mpanazatra amin'izy ireo. Ity tanora ity kosa dia nipetra-drery nitokantokana, ary nosaromany lamba famaohana ny lohany dia nitomany izy. [9]

Rehefa vonona ny hiverina ho any amin'ny kianja indray ny ekipa ho an'ny fizarana faharoa, tamim-pahagagana tanteraka no nahenoana ny mpanazatra nanambara fa ireo mpilalao tamin'ny fizarana voalohany ihany no manomboka ny fizaram-potoana faharoa. Nivoaka ny efitra fialan-tsasatra ny rehetra ary niandry an'ity tanora ity. Fa tsy te hihetsika akory izy. Nanopy ny fijeriny

[9] Quoted by Alice Gray, More stories in refreshing waters (Miami, FL: Editorial Unilit, 1997). p. 30.

ilay mpanazatra rehefa niantso azy fanindroany ary nahatsikaritra fa nirotsaka nanaraka ny takolany ny ranomasony. Hoy ilay mpilalao, "Mpanazatra ô! tsy afaka ny hilalao intsony aho; nanimba anao tanteraka aho. Nitondra ny Oniversiten'i Kalifornia ho amin'ny fahafaham-baraka aho. Tsy vitako intsony ny hiatrika indray ireo vahoaka betsaka ao amin'ny kianja ireo."

Napetrak'ilay mpanazatra teo an-damosin'ilay zatovo ny tanany ka hoy izy, "mitsangàna ary mivoaha. Mbola vao antsasa-potoana izay no vita tamin'ny lalao."

Ry namana isany, rehefa misaintsaina io tantara io aho, dia niteny tamin'ny tenako hoe: tena mahatalanjona ity mpanazatra ity! Fa rehefa namaky ny tantaran'i Jônà kosa aho, sy ny an'ireo an'arivony tahaka azy, dia hoy aho, “tena lehibe Andriamanitra fa manome tombontsoa hatrany hatrany!” Ry namako, raha niala tamin'Andriamanitra tahaka ireo Ninivita ireo ianao, dia manome anjara fotoana fanindroany ho anao Andriamanitra anio. Ry Rahalahy sy anabavy isany, raha tahaka an'i Jônà ianao, ka nitsoaka ny andraikitrao, dia mbola mampanatena fotoana faharoa ho anao Andriamanitra anio.

Rehefa manandrana ny famindram-pon'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao ianao, tahaka an'i Jônà, dia hiteny hoe “Tompo ô! handeha aho”

## FANONTANIANA FISAINTSAINANA

1. *Nanao ahoana ny toetran'ireo mponina tao Ninive?*
2. *Ahoana no namalian'i Jônà ny antson'Andriamanitra?*
3. *Inona no nataon'Andriamanitra mba hamerenana an'i Jônà tany Ninive?*
4. *Tombontsoa maro manao ahoana no tian'Andriamanitra hampanantenaina anao?*



# 7

# TOMPO Ô, HANDEHA AHO AMPAHEREZO AHO

(Jos. 1:9)

## FAMPIDIRANA

Tamin'ny fotoana sasantsasany teo amin'ny fiainantsika dia samy efa nandalo tahotra avokoa isika rehetra. Ary manakana antsika mba tsy hahatratra ny fenitra ambony natokana ho antsika ny tahotra, na mino isika na tsia. Noho ny tahotra, dia niova asa ny sasany; na koa nifindra tany amin'ny toeran-kafa mihitsy aza; ny sasany nihidy aman-trano, na nisitrika mihitsy aza. Tsy mampino, fa manakana ny mpivarotra tsy hanome ny entam-barony ny tahotra; manakana ny tovolahy latsa-pitiavana tsy hitory ny fitiavany amin'ny zatovovavy tiany; manakana ny sasany izay mitady toerana tsy ho mpitantana; manakana ny mpanatanteraka tsy handray fanapahan-kevitra iray izay tena mafonja; ary manakana ireo izay mitady ny marina tsy hanolotra ny tenany ho an'Andriamanitra.

Ry namako malala isany, ny tahotra dia tsy mifidy saranga na mifidy taona. Mahazo ny malemy sy ny matanjaka izy io. Mahakasika ny tanora

sy ny antitra, ny mahantra sy ny manan-karena. Na dia ireo izay toa manana ny zavatra rehetra aza; ny olo-malaza, ireo mpitarika (...) sns dia samy milaza ho manan-tahotra amin'ny endriny maro samihafa avokoa.

Iza moa no nanampo, ohatra, fa i Aogosto Kaisara, ilay amperora Rômanina lehibe, dia natahotra maizina na fahamaizinana? Na i Napoleon Bonaparta, ilay mpitarika ady mahay sy lehibe, dia natahotra saka. I Richard Nixon dia natahotra toeram-pitsaboana, ary i George Washington dia natahotra ny halevim-belona. Fa ambonin'izany, iza no nanampo fa i Johnny Depp, ilay mpilalao sarimihetsika lehibe sy malaza iray, dia nilaza fa matahotra mpilalao hatsikana ho an'ny ankizy (clowns). I Michael Jordan, mpilalao basketball malaza, dia manana tahotra tsy dia fahita loatra dia ny miditra ao anaty rano; ary i Oprah Winfrey, anisan'ny vehivavy fanta-daza maneran-tany, dia matahotra ny mandray fanapahan-kevitra.

## FAMELABELARANA

Mahagaga ihany ny mahita fa ny Baiboly, izay boky tonga lafatra indrindra, dia milaza amin'ny fomba lalina ny momba ny tahotra. Araka ny hevitr'ireo avara-pianarana, ny teny hoe *"aza matahotra"* dia miverina in-365 manerana ny Soratra Masina, noho izany dia isan'ny baiko mateti-piverina indrindra izy io. Etsy ankilany kosa, ny teny hoe *"tahotra"* dia miverina maherin'ny in-200, ary ny *"tahotra"* sy ny *"horohoro"* dia maherin'ny in-100 avy. Izany dia mba tsy hahatonga anao hihevitra fa ireo mahery fon'ny Baiboly dia tsy mba nanan-tahotra. Ny Soratra Masina dia milaza fa mihoatra ny 200 ireo olona nanan-tahotra voalaza ao.

Mitantara ny tantaran'ny lehilahy iray atao hoe Josoa, izay fantatra fa mpitarika teo amin'ny Israely ny Testamenta Taloha. Nofariparitan'ny mpanoratra kristianina iray Io lehilahy io, fa mpiady "nahery fo, mpamaha olana, ary nanam-pikirizana, mailaka, tsy azo novidina, tsy mba tia tena teo am-panatanterahana ny andraikiny, ary ambony noho izany rehetra izany, dia nanana finoana velona an'Andriamanitra izy." [10]

Nefa, na dia teo aza izany herim-po nananany izany dia natahotra i Josoa. Mitantara amintsika ny Soratra Masina fa niteny taminy Andriamanitra indray andro:

[10] Ellen White. Patriarchs and Prophets. p. 481

*Efa maty Mosesy mpanompoko; koa mitsangàna, mità ity Jordana ity ianao sy ireo olona rehetra ireo ho any amin'ny tany izay omeko azy, dia ny Zanak'Isiraely. Ny tany rehetra izay hodiavin'ny faladianareo dia efa nomeko anareo, araka izay voalazako tamin'i Mosesy. Hatramin'ny efitra sy iry Libanona iry ary hatramin'ny ony lehibe, dia ny ony Eofrata, ny tany rehetra izay an'ny Hetita, ka hatramin'ny Ranomasina Lehibe any andrefana no ho taninareo* - Jos. 1:2-4.

Nisy zava-tsarotra lehibe teo nanoloana an'i Josoa. Ny voalohany tamin'izany dia ny handimby an'i Mosesy. Sarotra hatrany ny manolo olona iray nefa mbola sarotra lavitra ny handimby mpitarika toa an'i Mosesy. Voarakitra ho isan'ireo lehilahy miavaka indrindra fantatr'izao tontolo izao i Mosesy, araka ny fomba ilazan'ny Baiboly azy amin'ny maha-mpahay antontan'isa azy, amin'ny maha-mpitarika ady azy, ny maha-mpanoratra, ny maha-poeta sy mpaminany, tsy nisy nitovy taminy. Fa zava-dehibe ny manamarika fa milaza amintsika ny Baiboly *"Ary Jehovah niteny nifanatrika tamin'i Mosesy, tahaka ny olona miresaka amin'ny sakaizany"* - Eks. 33:11. Izany mpitarika izany no tsy maintsy hodimbiasan'i Josoa ankehitriny. Tsy azo lavina tokoa fa tena tsy mora ity andraikitra ity.

Ny fihaikana faharoa natrehin'i Josoa dia ny hiampita ny onin'i Jordana. Ny onin'i Jordana no ony lehibe indrindra ao Palestina. Mampizara io firenena io ho roa izy: Palestina andrefana, izay tena manan-danja sy manan-karena tokoa; sy ny eny ampitan'i Jordana (Transjordanie). Raha ny tokony ho izy dia tsy tokony ho olana ny fiampitana an'i Jordana. Na izany aza anefa, hafa mihitsy ny toe-draharaha tamin'ny fotoana nandraisan'i Josoa ny baiko. Fahavaratra tamin'izay fotoana izay ka tena niakatra be izaitsizy ny rano, ary tena tsy azo natao ny hiampita teo. Tokony hotsaroantsika fa mitarika olona manodidina ny roa tapitrisa eo ho eo i Josoa. Zavatra toa tsy ho azo tanterahina ity hoe hiampita an'i Jordana ity amin'ny maha-olombelona.

Farany, tsy maintsy *"hanafika an'io tany io"* i Josoa. Mba hahazoany ny tany, dia tsy maintsy mitarika ny miaramilan'ny Israely hiady amin'ny olon-tsi-fantatra izy, izay mihoatra lavitra ny isan'izy ireo na amin'ny isa na amin'ny fitaovam-piadiana. Teo anilan'izay, voaro tamin'ny manda lehibe, manodidina ary tsy ho azo hazera mihitsy ny tanànan'i Kanana. Vokany, tsy maintsy miatrika toe-javanahirana maro i Josoa: nanolo ny mpitarika niavaka indrindra teo amin'ny tantara, nandamina ny fiampitan'ny vahoaka ny onin'i Jordana izay tondra-drano, ary hiatrika tanan-dehibe, miaramila ary tanàna maro. Te hanontany anao aho: inona no mety ho tsapan'i Josoa?

Natahotra i Josoa. Tahotra izay ananan'ny renim-pianakaviana tsy maintsy hanabe irery ny zanany. Niaina ny tahotra iainan'ireo mpifindra monina tonga any amin'ny tany tsy fantatra. Nahatsapa tahotra toy ireo mpianatra izay manana vola tokony aloa amin'ny fianarany eny amin'ny Oniversite. Nahatsapa ny tahotra lalina noho ny mety ho tsy fahombiazany izy. Nefa raha nandona ny varavaran'ny fony ny tahotra, dia tonga taminy ny tenin'Andriamanitra nanao hoe:

*“Mahereza sy matanjaha; fa ianao no hampandova ity firenena ity ny tany izay nianianako tamin'ny razany homena azy. Koa mahereza sy matanjaha tsara ianao, hitandremanao hanao araka ny lalana rehetra, izay nandidian'i Mosesy mpanompoko anao; aza miala aminy, na ho amin'ny ankavanana, na ho amin'ny ankavia, mba hambinina ianao amin'izay rehetra alehanao. Aoka tsy hiala amin'ny vavanao ity bokin'ny lalàna ity, fa saintsaino andro aman'alina, hitandremanao hanao araka izay rehetra voasoratra eo; ary amin'izany dia hahalavorary ny lalanao ianao sady hambinina. Tsy efa nandidy anao va Aho? Koa mahereza sy matanjaha; aza matahotra na mivadi-po, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin'izay rehetra alehanao”* - Jos. 1:6-9.

Rehefa niatriaka fihaikana goavana izy, dia niteny tamin'i Josoa Andriamanitra hoe *"aza matahotra."* Nanome azy antoka telo manokana ihany koa Izy mba hahafahany mandresy ny tahotry ny fahombiazana. Fahazoana antoka ireo teny fikasany no antoka voalohany nomen'Andriamanitra azy. Efa nomena azy taona maro lasa izay ny tany izay hotafihin'i Josoa. Efa nampanantenain'Andriamanitra an'i Abrahama, an'Isaka ary i Jakôba ny tany Kanana. Noho izany dia tsy tokony hatahotra ny fihaikany i Josoa, fa nanome fandresena azy ny teny fikasan'Andriamanitra.

Ny antoka faharoa nomen'Andrimanitra azy dia ny fahazoana antoka ny fanatrehany. Hoy ny Tompo taminy, *"Koa mahereza sy matanjaha; aza matahotra na mivadi-po, fa momba anao Aho amin'izay rehetra alehanao"* (Jos. 1:9). Tsy tokony hanana ny toerany intsony ny tahotra rehefa manaraka antsika ny fanatrehan'Andriamanitra. Na toy inona na toy inona habetsahan'ny fihaikana atrehina eny an-dalana, dia nanana antoka hatrany i Josoa fa eo anilany mandrakariva Andriamanitra hanome fandresena azy.

Farany, nanome azy ny herin'ny Teniny Andriamanitra. Izao no nolazaina tamin'i Josoa:

Aoka tsy hiala amin'ny vavanao ity bokin'ny lalàna ity, fa

saintsaino andro aman'alina, hitandremanao hanao araka izay rehetra voasoratra eo; ary amin'izany dia hahalavorary ny lalanao ianao sady hambinina. (Jos. 1:8)

Ho an'i Josoa, tsy maintsy manaiky, mino, manoa, mibanjina ary miaina ny Tenin'Andriamanitra izy mba ahafahany mandresy ny tahony. Ny tenin'Andriamanitra ihany no hany tokana hanome ny hery sahaza hahazoany mandresy ny tahotra.

Noho ny herin'ny tenin'Andriamanitra, dia nahazo hery niatrehany ny tahony ary nanatontosany ny iraka nankinin'Andriamanitra taminy i Josoa. Ry namako, ny Tenin'Andriamanitra ihany no hany tokana hanome anao hery hiatrehana ireo fihaikana amin-kery sy tanjaka. Hoy ny mpanoratra malaza iray rehefa miteny momba ny herin'ny tenin'Andriamanitra:

Ny Baiboly no loharanon-kery lehibe indrindra azontsika raisina ankehitriny. Rehefa mamaky izany isika, dia voaova, satria dia boky velona izy io. Rehefa matahotra ny tsy hahomby isika na mahatsapa fa tsy misy fahombiazana eo amin'ny fiainantsika, dia ny Tenin'Andriamanitra no tokony ataontsika laharam-pahamehana. Hameno ny fontsika sy ny saintsika amin'ny hery sy ny tanjaka ireo teny hitantsika ao. Arakaraka ny hifantohantsika amin'Andriamanitra sy ny Teniny, no mahakely ny toerana ho an'ny tahotra ao anatin'izany efitrano izany." [11]

Nefa mba hahatonga ny herin'ny Tenin'Andriamanitra ho zava-misy marina eo amin'ny fiainantsika, dia ilaintsika ny manao zavatra telo:

- *Voalohany:* ***manaiky ny fahefany.*** Tokony hotsaroantsika hatrany fa ny Baiboly no fototry ny fahefan'ny fahamarinana rehetra. Mazava ny fomba hilazan'ny mpaminany Isaia rehefa nanoratra izy, *"Ho amin'ny lalàna sy ny teni-vavolombelona ihany! Raha tsy miteny araka izany teny izany izy, Dia olona izay tsy hiposahan'ny fahazavan'ny maraina."* (Isa. 8:20).
- *Faharoa:* ***saintsaino lalina ny fampianarany.*** Tsy ampy ny fanekena fotsiny ny fahefan'ny Soratra Masina; ilaina ihany koa ny mitsakotsako ny fampianarany. Tokony handany fotoana hamakiana ny Tenin'Andriamanitra isika ka hisaintsaina lalina ny amin'ny fahamarinana lehibe ao anatiny. Ny mpanjaka Davida dia nahatsapa izany rehefa nanoratra: *"Sambatra ny olona izay tsy mandeha eo amin'ny fisainan'ny ratsy fanahy, ary tsy mijanona eo amin'ny lalana falehan'ny mpanota, ary tsy mipetraka eo amin'ny fipetrahan'ny mpaniratsira; Fa ny lalàn'i Jehovah no sitrany; eny ny lalàny no saintsaininy andro aman'alina"* – Sal. 1:1,2.

[11] David Jeremiah. What are you afraid of? (Carol Stream: IL, Tyndale House Foundation, 2014), p. 118.

- *Fahatelo:* ***Ampiharo ireo fitsipi-piainana noraisinao.*** Tsy misy dikany ny manaiky ny fahefan'ny Soratra Masina na ny misaintsaina ny fampianarany, raha toa ka tsy vonona ny hampihatra ireo fitsipiny isika. *"Fa aoka ho mpankatò ny teny ianareo, fa aza mpihaino fotsiny ihany ka mamitaka ny tenanareo"* – Jak. 1:22.

## FAMARANANA

Fotoana vitsy lasa izay dia nahita ny resaka nataon'ny mpilalao 'basketball' malaza iray aho. Nilaza io lehilahy io fa niaina fiainana feno fahabangana tanteraka nandritra ny taona maro izy. Mba hamenoana izany tranga izany, dia nialoka tao anatin'ny alkaola sy ny filibana izy. Fa indray andro, dia niteny izy, fa nokasihin'ny herin'ny Tenin'Andriamanitra ary niova tanteraka ny fiainany. Fa ny tena nanamarika ahy tao anatin'ilay valan-dresaka dia rehefa nanontaniana izy hoe: "Inona no tanjona lehibe indrindra tratranao sy vitanao teo amin'ny maha-mpilalao anao? Tsy nampoizin'ilay mpanontany ny valintenin'ilay mpilalao hoe, "Ny nahafantarako an'i Kristy sy ny nampahafantatra Azy tamin'ny hafa ihany koa."

Ry namako, rehefa mahakasika ny fiainanao ny herin'ny tenin'Andriamanitra, dia hahazo hery ianao ka hilaza fa ny hampahafantatra an'i Kristy amin'ny hafa no zavatra lehibe indrindra vitanao sy azonao tanterahina eo amin'ny fiainana. Rehefa mandray ny herin'ny tenin'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao ianao, tahaka an'i Josoa, dia hiteny ihany koa ianao hoe, "Tompo ô, handeha aho."

## FANONTANIANA FISAINTSAINANA

1. *Inona avy ireo fihaikana natrehin'i Josoa?*
2. *Inona avy ireo antoka telon'ny fandresena nomen'Andriamanitra an'i Josoa?*
3. *Inona no nataon'i Josoa nanoloana ny tenin'Andriamanitra?*
4. *Inona avy ireo dingana tokony ataontsika manoloana ny Tenin'Andriamanitra?*



# 8

# TOMPO Ô, HANDEHA AHO OMEO HERY AHO

**(Asa. 1:8)**

## FAMPIDIRANA

Nisy misiônera roa izay nankafy tamim-pahalianana tanteraka fibanjinana ny renirano lehiben'i Niagara. Tao anatin'ny fahagagan'izy ireo, dia niteny ny iray hoe: "mino aho fa ity no renirano manana ny loharanon-keriny lehibe indrindra maneran-tany izay tsy mba nampiasaina mihitsy." Namaly ilay misionera namany manoloana ny fanambarana toy izany: "tsy ity izany, ry rahalahy malala. Ny Fanahy Masina no loharanon-kery lehibe indrindra izay tsy mbola nampiasaina mihitsy."

Ry namako, tena miombon-kevitra tanteraka amin'io fanambarana io aho. Mitondra hery ara-panahy manokana sy miavaka eo amin'ny fiainan'ny zanak'Andriamanitra ny Fanahy Masina. Ao amin'ny bokin'ny Asa. 1:8 dia milaza amintsika ny Baiboly, *"Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany."*

# FAMELABELARANA

Raha mianatra ny Tenin'Andriamanitra isika, dia ho tsapantsika fa manome fahefana ny zanany ny Fanahy Masina ary manova azy ireo ho tonga olona iray izay tena miavaka mihitsy. Ohatra, azontsika jerena ny momba an'i Saoly, ilay mpanjaka voalohany teo amin'ny Israely. Milaza ny tantara fa olon-tsotra indrindra tamin'ny olona rehetra i Saoly. Eny fa na dia tamin'ny andro nanosorana azy ho mpanjaka aza, dia mbola niery noho ny tahotra izy (1 Sam. 10:22). Nanoloana ny andraikitra lehibe teo anatrehany, dia tsapany fa tsy ho vitany izany. Na izany aza dia nohosoran'ny mpaminany Samoela ho mpanjaka ihany izy. Fantatrao ve ny zava-nitranga avy eo? Mariho izay lazain'ny 1 Samoela 11:6 amintsika: *"Dia nilatsaka tamin'i Saoly ny Fanahin'Andriamanitra, ka nirehitra mafy ny fahatezeran'i Saoly, raha nandre izany teny izany".* Nofenoina ny herin'ny Fanahy Masina ny mpanjaka Saoly, ka niala avy ao amin'ny tahotra nankeo amin'ny faherezana. Vonona ny hiatrika ireo fihaikana teo alohany izy rehefa tonga tao aminy ny herin'ny Fanahy Masina.

Mamelà ahy hanome ohatra hafa ho anareo: Tsaroanareo ve ilay zavotolahy antsoina hoe Samsona? Araka ny lazain'ny Baiboly, dia izy no lehilahy natanjaka indrindra, ara-batana, nisy teto an-tany. Tena nahatalanjona tokoa ny zava-bitan'i Samsona:

- Nahavita nandrovitra (nizara roa) liona tamin'ny tanany izy (Mpits. 14:6).
- Niatriaka andiana miaramila irery izy (Mpits. 15:14).
- Nandrava vavahadin'ny tanana lehibe iray izy ary nentiny teny an-tsorony izany (Mpits. 16:3).

Betsaka, rehefa mijery ireo zavatra mahatalanjona vitan'i Samsona, no te hanazava fa vokatry ny hery voajanahary izay tao anatiny ihany ireny. Nilaza ny sasany fa ny volony lava no nisy karazana hery majika. Fa tsy misy tohanan'ny Baiboly ireo hevitra ireo. Hazavain'ny Soratra Masina mazava tsara fa tao amin'ny Fanahy Masina ny herin'i Samsona. Isaky ny maneho asa lehibe nataon'i Samsona ny Baiboly, dia ampifandraisiny hatrany amin'ny Fanahy Masina izany. Andeha hanamarika zavatra vitsivitsy ato amin'ireto andininy manaraka ireto isika:

- *«Dia nilatsaka tamin'i Samsona ny Fanahin'i Jehovah, ary ilay liona tanora dia nosamatsamahiny hoatran'ny fanasamaka zanak'osy, nefa tsy nisy na inona na inona teny an-tànany; ary tsy nambarany tamin'ny rainy na tamin'ny reniny izay efa nataony»* - Mpits. 14:6.
- *«Ary raha tonga tany Lehy izy, dia nanakora azy ny Filistina; ary ny Fanahin'i Jehovah nilatsaka taminy, dia tonga tahaka ny rongony izay nodorana tamin'ny afo ny mahazaka teny amin'ny sandriny ary afaka tamin'ny tànany ny fatorana»* - Mpits. 15:14.

Hitanareo ve ireo ? Tsy noho ny hery ara-batan'i Samsona no nahafahany nanao ireny fahagagana ireny ! Nahavita nanao ireny zavatra rehetra ireny izy satria ny Fanahin'i Jehovah no nilatsaka taminy!

Tahaka izany ihany koa, dia azontsika jerena ny apôstôly Petera. Tamin'ny fotoana niantsoan'i Jesôsy azy dia mpanjono izy (Lio. 5:1–11). Niara-nandeha tamin'ny Tompo nandritra ny telo taona sy tapany izy. Fa tamin'ny farany, rehefa nosamborina i Jesôsy nentina hotsaraina teo amin'ny fitsarana Jiosy, raha tokony hijoro ho mahatoky tamim-pahasahina teo anilan'ny Tompony i Petera, dia nandà intelo ho tsy nahalala Azy (Jao. 18:25-27). Inona ny antony nahatonga an'i Petera handà ny Tompo? Tsotra: noho ny tahotra. Natahotra ny fahefan'ireo mpisorona sy mpitarika jiosy izy. Tsy vonona ny hiaro ny tena marina izy teo amin'ny fotoana teny nilana azy indrindra.

Na izany aza, dia nibebaka i Petera, ary namela sy namerina azy tamin'ny laoniny indray i Jesôsy (Jao. 21:15-17). Avy eo dia nahita an'i Petera sahy nitory tsy nahitana sori-tahotra intsony isika (Asa. 2:14–40). Hitantsika ihany koa fa niatrika ireo mpisorona sy mpitarika Jiosy izy (Asa. 4: 5–8). Eny fa na dia norahonana ny ho faty aza izy, dia tamim-pahasahiana no nilazany hoe: *"Andriamanitra no tokony hekena mihoatra noho ny olona."* (Asa. 5:29). Izy ilay nandà an'i Jesôsy noho ny tahotra ny ho faty no mijoro tsy amin-tahotra na dia kely aza ankehitriny!

Amin'ny fomba ahoana no nisian'izany fiovana goavana izany? Feno ny herin'ny Fanahy Masina i Petera. Nandray ny Fanahy Masina i Petera sy ireo Apôstôly hafa tamin'ny andron'ny Pentekosta, nahazo hery sy fahefana ka afaka namita ny iraka (Asa. 2:4). Vokany, dia afaka nijoro tsy tamin-tahotra ny apostoly Petera ary nanambara ny hafatry ny hazofijaliana.

Ry namako, manome hery sy fahefana ny zanak'Andriamanitra ny Fanahy Masina. Iza no afaka hilaza fa ireo mpianatr'i Kristy, izay olon-tsotra ny ankamaroany, dia afaka ny hikasika olona manerana izao tontolo izao? Hoy ny olona iray:

Nitohy ny fandresen'ny hazofijaliana nandritra ny vanim-potoana niainan'ireo Apôstôly. Niseho ny fanoherana. Foana ireo tempolin'ny sampy ary an'arivony maro ireo niova fo. Tsy nanam-bola izy ireo, nefa dia nandresy ny fivondronamben'ny mpanankarena nanodidina azy; nahavery hevitra ireo mpampianatra fanta-daza na dia tsy nandia fianarana lavitra aza; tsy nanana hery pôlitika na sosialy, nefa natanjaka lavitra noho ireo Sinedriona; nesorina tao amin'ny fisoronana, nefa nanozongozona ireo mpisorona sy ny tempolin'izy ireo; ary tsy mba nanana tafika, nefa nahery lavitra noho ny legiona (tafika) Rômanina. Ary dia vitan'izy ireo ny nametraka ny hazofijaliana teo amin'ny voromahery Rômanina. [12]

[12] Leroy E. Froom. The Coming of the Comforter (Miami, FL: Asociación Publicadora Interamericana, 2010). p. 121.

Marina izany, ry namako isany. Misy zavatra goavana miseho rehefa manome hery sy fahefana ny olona ny Fanahy Masina, indrindra fa ny fiangonana. Raha tsy mahita asa lehibe isika ankehitriny, dia satria mbola navelantsika lavitra ny Fanahy Masina. Fantatrao ve hoe iza no hanao asa lehibe ho an'Andriamanitra? Mamelà ahy hizara ity andalan-teny mafonja avy ao amin'ny boky Ilay Fitiavana Mandresy, pejy, 252 ity:

*Izay tia an'i Kristy indrindra no hanao asa soa miavosa be indrindra. Tsy misy fetrany ny fahazoana manao soa eo amin'izay mametraka ny «izaho», ary mamela toerana hiasan'ny Fanahy Masina ao amin' ny fony, ka miaina amin'ny fiainana voatokana tanteraka ho an'Andriamanitra.*

Rehefa raisin'ny Fanahin'Andriamanitra ny lafiny rehetra eo amin'ny fiainantsika, dia hiasa amin-kery tahaka ny niasan'ireo Apôstôlin'i Kristy ihany koa isika. Izany no antony hilazana fa ny tena ilaintsika ankehitriny dia ny mangataka ny herin'ny Fanahy Masina mba ho amin'ny mambran'ny fiangonana tsirairay—ho amin'ny tanora indrindra, ny ankizy, ary ny lehibe. Rehefa mameno ny fiainanao ny Fanahy Masina, dia ho hitantsika ny hatsaran'Andriamanitra.

Ny tantara dia milaza fa i Evan Roberts, lehilahy 26 taona, dia nivavaka nandritra ny telo ambin'ny folo taona mba hifehezan'ny Fanahy Masina tanteraka ny fiainany. Nitalaho tamin'Andriamanitra izy mba hanomezany azy fo voatolotra amin'ny fahafenoany ho an'ny fanjakan'Andriamanitra. Matetika no mivavaka alim-be i Evan ary mivavaka ho an'ireo tanora sy ny lehibe ao amin'ny fiangonana misy azy ihany koa. Nivavaka ihany koa izy mba hamangian'Andriamanitra ny tanànan'i Wales miaraka amin'ny herin'ny fifohazana. Nanomboka tamin'ny fivorian'ny tanora tao amin'ny fiangonana nisy an'i Evan ny fifohazana tao Wales. Nampirisika ny namany mba hitady ny Fanahy Masina hameno ny fiainany i Evan. Nikasika ny fon'izy ireo ny Fanahy Masina, ary nisy tanora 16 nanaiky an'i Jesôsy Kristy ho Tompo sy Mpamonjy azy. Nandrehitra ny afon'ny fifohazana nanerana ilay firenena ny pitik'afon'ilay fifohazana izay nanomboka tao amin'ny fiangonana kely iray. Nofaritana ho manodidina ny 100 000 eo ho eo ireo olona nanaiky an'i Jesôsy tao amin'ity firenen'i Pays des Gales ity tao anatin'ny 9 volana; nijanona ny tsy fandriam-pahalemana, voaova ny olona noho ny fahasoavan'Andriamanitra.

Nanomboka tamin'ny lehilahy nanetry tena iray izay nangataka ny herin'ny Fanahy Masina mba hameno ny fiainany ity fifohazana ara-panahy lehibe ity. Firenena iray manontolo no voaova tamin'ny alalan'ity tanora ity, dia i Evan Roberts, sy ny vondron'ny mpinamana izay nangataka tamim-paharetana lalina ny herin'ny Fanahy Masina.

Toy izany ny zavatra hiseho rehefa manapa-kevitra amim-pahamatorana ny famenoan'ny Fanahy Masina ny tsirairay amintsika. Rehefa mitranga izany, dia ho tanteraka indray ny tenin'ny

Asa. 1:8: *"Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany."*

## FAMARANANA

Ny herin'ny Fanahy Masina dia manova ny olona tsotra ho tonga fitaovana mahery vaika hamitana ny iraka. Tiako ny hanasa antsika androany mba hiaraka hitalaho ny herin'ny Fanahy Masina. Tokony ho tahaka ity tonon-kira iray ity ny tonom-bavaka ataontsika:

*Hover o'er me, Holy Spirit,* (Mombà ahy, Fanahy Masina)
*Bathe my trembling heart and brow.* (Sasao ny tahotry ny foko sy ny ahiahiko)
*Fill me with Thy hallowed presence;* (Fenoy ny famirapiratan'ny fanatrehanao aho)
*Come, O come and fill me now.* (Avia, ô avia ka fenoy aho izao)

*Fill me now, fill me now,* (Fenoy aho izao, fenoy aho izao)
*Jesus, come and fill me now;* (Jesôsy, avia ka fenoy aho izao)
*Fill me with Thy hallowed presence;* (Fenoy ny famirapiratan'ny fanatrehanao aho)
*Come, O come and fill me now.* (Avia, ô avia ka fenoy aho izao)

Eny, ry namako, rehefa ny herin'ny Fanahy Masina no mameno ny fiainantsika, dia hiteny tahaka an'i Saoly, i Samsona ary i Petera sy ireo mpianatra izaho sy ianao hoe, "Tompo ô, handeha aho."

## FANONTANIANA FISAINTSAINANA

1. *Inona no niseho teo amin'ny fiainan'i Saoly rehefa tonga teo amin'ny fiainany ny Fanahy Masina?*
2. *Inona no loharanon'ny herin'i Samsona?*
3. *Oviana no nameno ny fiainan'i Petera sy ireo mpianatra ny Fanahy Masina? Ary inona no nitranga avy eo?*
4. *Inona ny vavaka tokony hataontsika?*